# *Fanomezana Nofonosin'Andriamanitra*

Ho tahiana ianao . . .

Tsara foana ny mankao an-Tranon'ny Tompo, fa tsara kokoa ilay izy, toa tahaka an'izany, amin'ireto, Krismasy sy Taona Vaovao ary andro fety ireto. Toy ny hoe misy fitahiana kely manokana tavela ho antsika ilay izy. Ary satria isika . . . Tena mampalahelo fa tsy afaka manana an'ity fahatsapana Krismasy ity isika amin'ny fotoana rehetra. Manofahofa tànana anareo ny olona, ary manao hoe, "Ny Tompo hitahy anao." Tsara izany. Tiako io zavatra anankiray mikasika ny Krismasy io.

Ankehitriny, nandre an'ilay fotoan'ny Fiaretan-tory nomena aho, mino aho, ho an'ny Sabotsy heriny hariva. Raha sitraky ny Tompo, dia hiezaka aho ny ho eto arak'izany, amin'ny fotoan'ny Fiaretan-tory, ary hametraka ny fotoako, raha sitraky ny Tompo, mba hanampy azy ireo hiresaka kely eo amin'ny lohahevitra iray ho an'ny Sabotsy heriny hariva. Ary ny Alahady maraina, mazava ho azy, dia ny sekoly Alahadintsika mahazatra. Ary ny Alahady hariva dia ny fivoriana ara-pilazantsara. Ankehitriny . . . [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Fanasan-tongotra, ny Alahady heriny hariva, ihany koa."—Mpand.] Eny. Fandraisana, fanasan-tongotra, ny Alahady heriny hariva. Marina izany. Ny fomba tsara hanombohana ny Taona Vaovao, marina, mandray ny fandraisana, manao ny fanasan-tongotra.

Ankehitriny, tiako ny hanao an'ity filazana ity, fa mangataka aho mba ho fivoriana kely, mikatona izany, tahaka an'izany, ho an'ireo pasitera sy pasitera mpanampy fotsiny an'ny tabernakla, mpitantan-draharaha ary diakon'ity tabernakla ity. Heveriko fa tsara ho antsika ny miara-mivory, matetitetika, ary mahita kely ny fomba izay itarihan'ny Tompo antsika. Ary matetika dia misy zavatra kely mipoitra, tahaka ny Soratra izay mety ho hitanareo, izay mety ho sarotra. Ary raha isika no tsy . . . Tiantsika ilay iray ihany, miteny an'ilay zavatra iray ihany, hatraiza hatraiza. Ary tiantsika ny mivory miaraka.

Ary tiako ianareo pasitera sy mpanampy: Mazava ho azy, Rahalahy Neville, no ho eo; sy Rahalahy Don Ruddell eto ambony eto, iray amin'ireo mpanampintsika; sy Rahalahy Graham Snelling any Utica; Rahalahy Stricker eto, ny misionerantsika; ary ireo di- . . . ireo rahalahy izay pasitera, Rahalahy . . . ireo samihafa eto; Rahalahy Parnell; ary fantatrareo hoe iza ireo

mpanampy eto; Rahalahy Junior Jackson, avy any New Albany; ary avy eo ireo—ireo diakona sy ny mpitantan-draharaha.

Lazaiko aminareo izay iriako hataonareo. Amin'ity herinandro ho avy ity, mitondrà silan-taratasy kely, ary soraty ao ireo—ireo eritreritra na ny . . . hataoko hoe, mikasika an'ireo Soratra, na andraikitra iray izay tokony ho tanterahanareo, izay mety tsy fantatrareo.

2 Ohatra hoe hilaza ny mpitantan-draharaha iray hoe, "Inona fotsiny no andraikitro raha mipoitra *ity* toe-javatra ity?" "Inona no andraikitro, amin'ny maha-diakona iray, raha mipoitra *ity* toe-javatra ity?" Ary mety hilaza ilay pasitera hoe, "Ato amin'ity Teny ity, *eto*, dia hitako hoe aiza no tokony hisy an'*izao-sy-izao*, nefa aho—tsy azoko Izany amin'ny fomba ampianarantsika Azy mihitsy. Ary apetraho ao amin'ny Soratra izany, sy ny sisa." Avy eo dia atolory ireo rehetra ireo, an-dRahalahy Wood, raha sitrakareo, satria mipetraka eo anilan'ny varavarana misy ahy izy. Ary vantany vao vitanareo ny soratrareo, ary haingana arak'izay vitanareo, dia hankasitrahako izany, mba ahafahako mijery an'izany ao amin'ny Soratra.

Ary hanana an'izany isika. Tsy . . . Tsy fivorian'ny besinimaro izany ankehitriny. Ho an'ireo pasitera fotsiny izany, sy an'ity tabernakla ity, ary ireo diakona sy mpitantan-draharahan'ny tabernakla. Ary ho tonga avy hatrany izany, vantany vao afaka mahazo azy ireo mihitsy isika. Avy eo dia ho lazainay ny hariva iray izay tsy—tsy hisian'ny fivoriana eto, ary amin'izay fotoana izay izahay dia—hokarakarainay izany arak'izany.

3 Heveriko fa ho zavatra tsara iray izany, Rahalahy Neville, raha ireo rahalahy ireo, ianareo pasitera rehetra, sy ny sisa, mba ahafahantsika tonga miaraka. Tahaka an'izany no ahafahantsika miteny an'ilay zavatra iray ihany, hatraiza hatraiza, hitanareo, fantatsika. Ary avy eo izany dia hatao horonam-peo, ihany koa, ny fanontaniantsika sy ny valin-tenintsika dia hatao horonam-peo, ary ny tsirairay avy dia afaka hahazo horonam-peo iray, mba ahafahanareo hahafantatra, hamerina handefa, raha toa ka misy zavatra iray, fanontaniana iray mipoitra, dia mety ho tombontsoa iray ho an'ny fiangonana izany. Na hilaza ny olona iray hoe, "Eny, *ity*." Hiverina isika ary hijery an'izay eo amin'ilay horonam-peo, izay voalaza. Isika dia manana horonam-peo an'izany karazany izany, efa. Ary ankehitriny dia manana mpitantan-draharaha vaovao isika, heveriko, tamin'ity taona ity, ary—ary diakona vaovao sasany, sy ny sisa, ary tiantsika ny hampianatra azy ireo eo amin'izany.

4 Ary ity rahalahy kely ity, iray amin'ireo rahalahintsika avy eto Sellersburg, Rahalahy Willard Crase, azo antoka andefaso hafatra momba an'izany izy, raha sitrakareo, satria mbola tanora mihitsy ao amin'ny Tompo izy. Ary—ary raha ireo lehilahy tanora ireo, heveriko, dia afaka hiorina tsara, hitanareo ny

tiako holazaina, mahafantatra fotsiny hoe ahoana no ifikirana. Ary mipoitra ao an-tsainy ireo fanontaniana kely. Raha tokony hihazakazaka amin'ny rantsan-kazo iray, dia ndao isika ho tonga miaraka ka—ka hahita ny rehetra mikasika an'izany. Amin'izay fotoana izay isika rehefa . . . ireo fivoriantsika, ny fivoriantsika lehibe, mitambatra, rehefa mitambatra miaraka ireo fiangonana, toy ny efa nisy antsika tao amin'io fivoriana farany io, amin'izay fotoana izay isika—ho fantatsika marina amin'izay fotoana izay hoe inona no horaisina, ary inona no holazaina, inona fotsiny no hatao. Te-hiteny amin'ilay fiteny iray ihany isika rehetra, mba hahazoantsika.

5 Ankehitriny, zavatra iray hafa tiako holazaina. Araka ny nilazan-dRahalahy Neville tena tsara an'izany, dia mirary ny tsara indrindra ho anareo izahay amin'ity vaovaon'ny noely amin'ity fotoan'ny—ny fiombonana ity manodidina ireto andro fety ireto, sy ny sisa.

6 Ary avy eo dia tiako ny haka an'ity fotoana ity hanehoana, amin'ny isan'isany sy ny tsirairay avy aminareo, fa tena mankasitraka anareo aho, ho an'ireo karatra Krismasinareo sy ireo fanomezana, ary ny zavatra voaray any an-tranonay. Misaotra anareo tokoa aho, amin'ny foko rehetra. Tena nahasoa anay tokoa izany, aninkeo maraina. Rehefa . . . Manana zazalahy kely iray aho, mbola kely kanefa karazan'ny mila hazo Krismasy iray, ary nanana an'izany izahay tao amin'ny efitrano. Ary aninkeo maraina, nandeha tany ambany tany, dia nahita fanomezana maro avy tamin'ny fiangonako eto aho, ary ireo sakaizako avy amin'ny toerana samihafa, izay tonga, nametraka teo ambanin'ilay hazo. Ary tsy manana teny aho hanehoana aminareo an'izay izaho . . . toy ny ahoana no ankasitrahako ny tsirairay avy amin'izy ireo. Ary enga anie ilay Andriamanitry ny Lanitra hitahy anareo betsaka, izany no fivavako. Ary ankehitriny . . .

7 Ary izahay, fantatrareo hoe hanao ahoana ilay izy, tsy afaka mamerina fanomezana izahay, satria tsy hahazo vola betsaka tahaka an'izao mihitsy aho, fantatrareo. Izaho—mahazo zato dolara isan-kerinandro aho, ary manana fianakaviana goavana iray, ary eo amin'ny sakaiza folo tapitrisa eo, ary azo antoka fa karazany ho sarotra ny handeha eo amin'izy ireo. Fa izahay—mankasitraka anareo sy ny eritreritrareo izahay. Ary azoko antoka fa mahazo ianareo.

8 Ankehitriny aza adino io—io harivan'ny Taona Vaovao ho avy io. Oh, tsaroako ilay fotoan'ny Fiaretan-tory voalohany izay hany nananako teto amin'ity tabernakla ity. Ataoko fa tsy misy olona iray mahatsiaro an'izany eto. Fa izany no hariva iray izay nanesoran'ny Tompo tavolo betsaka tamin'ny pasiteranareo. Noho izany, manantena fotoana lehibe iray isika arak'izany.

9 Ary ankehitriny, alohan'ny hivavahantsika fotsiny, dia tiako ny hamaky ny Soratra ho an'ny lesona izao hariva izao.

10 Ary somary niady hevitra tamin'ny tenako aho androany. Izaho—nilaza aho fa hiresaka eo amin'ny, izao hariva izao, raha tonga eto aho, *Nahita Ny Kintany Tany Atsinanana Izahay, Ka Tonga Mba Hiankohoka Aminy.* Karazan'ny toa mahazatra ahy izany. Ary ny sakaizantsika tsara, Rahalahy Sothmann eto, ny. . .iray amin'ireo mpitantan-draharahan'ny fiangonana, nanontany azy aho. Ary hoy izy hoe, "Manana ny horonam-peo momba an'izany aho, Rahalahy Branham. Efa nitory an'izany ianao, tany ho any." Ary ny sakaizantsika sarobidy, Rahalahy Leo Mercier eto, ilay zazalahy mpanao horonam-peo, dia nanao, "Eny, teo amin'ny indimy teo." Noho izany, izaho—novaiko kely fotsiny ilay izy. Ary raha tokony hitory eo amin'ny *Nahita Ny Kintany Tany Atsinanana Izahay,* dia tiako ny hiresaka eo amin'ny lohahevitra, izao hariva izao, an'ny: *Fanomezana Nofonosin'Andriamanitra.*

11 Ary ankehitriny dia hamaky avy ao amin'ny Filazantsaran'i Masindahy Matio aho, ny—ny toko faha-2, ho an'ny famakiana Soratra, ny toko faha-2 an'i Masindahy Matio.

> *Ankehitriny rehefa teraka Jesosy tao Betlehema an'i Jodia tamin'ny andron'i Heroda mpanjaka, indro, tonga tao Jerosalema ireo olon-kendry avy tany atsinanana,*
>
> *Nanao hoe, Aiza izy* izay *teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy? fa nahita ny kintany tany atsinanana izahay, ka tonga mba hiankohoka aminy.*
>
> *Rehefa Heroda mpanjaka. . .nandre izany zavatra izany, dia nangorohoro izy, ary Jerosalema rehetra niaraka taminy.*
>
> *Ary rehefa namory ny lohan'ny mpisorona rehetra sy* ireo *mpanora-dalàna tamin'ny vahoaka izy, nanontany izy. . .azy ireo hoe aiza no tokony hahaterahan'i Kristy.*
>
> *Dia hoy izy ireo taminy hoe, Ao Betlehema an'i Jodia: fa izao no voasoratry ny mpaminany hoe,*
>
> *Ary ianao ry Betlehema, tanin'i* Jodia, *tsy* ianao *no kely indrindra amin'ny andrianan'i Joda: fa avy ao aminao no hivoahan'ny Mpanapaka iray, izay hanapaka ny Isiraely oloko.*
>
> *Noho izany Heroda, rehefa niantso* mangingina *an'ireo olon-kendry izy, dia nanontany azy fatratra an'izay andro nisehoan'ilay kintana.*
>
> *Dia naniraka azy ireo hankany Betlehema izy, ka nanao hoe, Mandehana ka zahao tsara ny amin'ilay zaza kely; ary rehefa hitanareo izy, dia itondray. . .teny* indray, *itondray teny indray aho, mba ahafahako ho tonga sy hiankohoka aminy koa.*

> *Ary rehefa nandre ny tenin'ny mpanjaka izy ireo, dia lasa; ary, indro, ilay kintana, izay hitan'izy ireo tany atsinanana, nandeha teo alohan'izy ireo, mandrapahatongany ka nijanona teo ambonin'izay nisy an'ilay Zaza kely.*
>
> *Ary rehefa hitan'izy ireo ilay kintana, dia nifaly tamin'ny fifaliana lehibe indrindra izy ireo.*
>
> *Ary rehefa niditra tao an-trano izy ireo, dia nahita ny zaza kely sy Maria reniny, ary niankohoka, ka nanompo azy: . . . rehefa nosokafan'izy ireo ny fitehirizan-drakiny,* ary *nanolotra fanomezana ho azy;* dia *volamena, . . . zava-manitra, sy miora.*
>
> *Ary rehefa nampitandreman'Andriamanitra tamin'ny nofy izy ireo mba tsy hiverenan'izy ireo any amin'i Heroda, dia nandeha* tany *amin'ny taniny manokana tamin'ny làlana hafa.*

12 Ankehitriny dia te-haka lahateny iray avy eo aho, izao hariva izao. Na, tsy avy eo, fa avy amin'ilay tantara iray ihany, ao amin'i Masindahy Lioka 2:7.

> *Ary izy niteraka—niteraka ny lahimatoany, ka nofonosiny* lamban-*jaza izy, ka napetrany tao anatin'*ny *fihinanam-bilona izy; satria tsy nisy efitra ho azy ireo tao amin'ny tranom-bahiny.*

13 Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny ho an'ny tonom-bavaka iray.

14 Andriamanitra Masina sy Mpiahy, Izay nanome anay ny Fanomezana lehibe indrindra izay hany fantatr'izao tontolo izao, Jesosy Kristy Tompo, manatona Anao am-panetre-tena izahay izao hariva izao, amin'ny fisaorana, sy maneho avy amin'ny tenanay lalina indrindra an'ireo fiderana lalin'ny fonay ho Anao noho ity Fanomezana tsara indrindra ity, tsy manana na inona na inona homena izahay ho valiny. Ary tena kely no Nangatahanao, izao fotsiny, "Mankanesa atỳ Amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hitondra ny entanareo sy ny fahotanareo, ary hanafaka anareo." Oh, takalo iray toy ny inona! Tsy misy afaka manao an'izany afatsy Ianao, ry Rainay, ary misaotra Anao izahay fa efa Nataonao ho anay izany. Ary izahay no Vavolombelonao amin'ity ora ity hoe Ianao no mitondra ny entanay sy ny fahotanay, ary manome anay fifaliana sy fiadanana, ho solony. Toy ny ahoana no ankasitrahanay, Tompo, an'izany fahatsapana Kristiana, anaty izany, Krismasy ao am-ponay! Tena faly izahay ny amin'izany. Tena faly ny mahafantatra fa miaina amin'ny andro farany izahay, rehefa hitanay tonga indray ireo famantarana tahaka ny tamin'izany andro izany, an'ny Fanatonany. Manetry ny fonay ao amin'Ny Fanatrehanao izahay, O Ry Andriana Lehibe. Aoka Ny Fanahinao hanjaka amin'ny fahamboniana ao amin'ny

fonay, ao amin'ny fiainanay. Ary ampaherezo izahay, avy ao anaty mankany ivelany, mba ahafahanay ho Mpanomponao, amin'ity ora lehibe sy maizina izay atrehin'izao tontolo izao ity ankehitriny.

15 Atolotray ity famakiana Ny Teninao ity, Tompo, ho Anao, ho an'ity tanjona iray ity, mba, avy amin'Ity, no ahafahan'ny Fanahy Masina hitondra miaraka foto-kevitra iray izay ho ampy, izao hariva izao, ho Hafatra Krismasy ho an'ny Vahoakanao izay miandry. Ary miandry Anao izahay. Tompo, forao ny molotra izay hiteny, sy ny sofina izay hihaino. Ary omeo hery, ary asio Fiainana ao amin'ireo Teny izay mivoaka, mba ahafahany mitondra anay ho amin'ny fahalalana iray tsara kokoa an'ny Tompo Jesosy. Fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay. Amena.

16 Manoratra Soratra maro eto mba hitodihana, sy ny sisa. Gaga aho, omaly, raha nandre an'izany. Naka ny gazety, sy izay misy azy, izay iantsoin'ny tontolo ara-barotra hoe, "Krismasy hafa kely," izay nisy vola nolaniana tamin'ity fotoana ity mihoatra noho izay hany nolaniana tao anatin'ny taona maro, maro, hatramin'ny taona maro lasa izay. Ary izay niangonan'ny vahoaka tany Jerosalema, ary ahoana fa nisy fotoam-pihavanana kely iray teo amin'ireo Arabo sy ireo Jiosy, ka somary namela ny fihetseham-pony izy ireo, mba hamela an'ireo—ireo mpivahiny hiditra ao an-tanàna indray, amin'ity vanim-potoan'ny—ny Krismasy ity.

17 Matetika aho no nanontany hoe nahoana io tanàna io no hany nofidiana, Betlehema.

18 Raha nihira ireo olona ireo fotoana vitsy lasa fotsiny izay, ilay—ilay lehilahy kely sy ny vadiny, ary ireo zanany. Ary gaga aho teo, nandinika an'ilay zazavavy kely, toy ny ahoana no nitazonany an'ilay ban-kira niaraka tamin'io, karazana valiha misy tadiny izay notendreny io. Ary ahoana fa ilay zaza kely dia mbola zazakely iray mihitsy, fotsiny, kanefa nihazona an'ilay ban-kira fotsiny niaraka tamin'ny . . . na nitendry an'io harpa io. Ataoko fa harpa iray no niantsoana azy. Ankehitriny, ary avy eo aho . . .

19 Nieritreritra an'i Betlehema, ary nahoana no sendra nifidianana azy ho toerana nahaterahan'ilay Mpanjakan'ny mpanjaka? Ary, fantatrareo, Betlehema dia toerana kely iray, tanàna tena kely. Matetika aho no nanontany hoe nahoana Andriamanitra no tsy nifidy toerana iray ara-pivavahana kokoa ho an'izany, ho an'io zava-mitranga lehibe io, tahaka an'i Silo. Silo no toerana voalohany an'ilay tranolay, nametrahana ny fiara, rehefa avy niampita an'i Jordana izy. Na Gilgala, tanàna malaza ara-pivavahana iray hafa; na i Ziona, eo an-tendrombohitra, tanàna malaza ara-pivavahana iray hafa; na dia ilay renivohitra mirehareha aza, an'i Jerosalema, miaraka

amin'ireo olon-kendriny sy ireo olo-masiny rehetra nanerana ny taona. Nahoana Andriamanitra no tsy nifidy an'i Jerosalema?

20 Nahoana Izy no nifidy an'i Betlehema? Angamba toy ny hoe afaka nifidy toerana iray Izy, iray amin'ireo tanàna fialofana lehibe, izay ho niaro Ny Zanany raha toa ka mipoitra ny olana iray. Ireo toeram-pialofana tahaka an'i Ramota-gileada. Izany no fialofana lehibe iray izay naorina, satria afaka nihazakazaka nankao amin'ireo tilikambo ireo ny olona. Kadesy dia tanàna fialofana lehibe iray hafa. Hebrona, tanàna fialofana lehibe iray hafa.

21 Nahoana Andriamanitra no nifidy an'i Betlehema kely, ary tsy nifidy an'ireo tanàna lehibe ireo avy eo? Ary nanana anarana malaza kokoa izy ireo, sy lasa ara-panahy betsaka kokoa.

22 Saingy, fantatrareo, manana fomba iray hanaovana zavatra Andriamanitra, ny Fombany Manokana fotsiny mikasika an'ireo zavatra. Tena faly aho fa manao an'izany Izy. Hitanareo? Indraindray Izy dia maka zavatra izay tsy manana lasa ara-panahy, na tsy manana lasa iray mihitsy. Ary izany no maha-Andriamanitra Azy; afaka maka zavatra izay tsinontsinona Izy, ary manao zavatra iray avy amin'izany. Ary, izany, izany no manao Azy ho Andriamanitra. Izany no manao antsika ho tia Azy. Izany no manao antsika vahoaka mahantra hankasitraka Azy, satria isika na dia, mahantra aza, tsy manana lasa, kanefa Andriamanitra dia afaka manao zavatra lehibe miaraka amintsika raha mba manana antsika eo ambanin'ny Fifehezany Izy.

23 Josoa, mazava ho azy, no ilay anankiray izay nitondra ny zanak'Isiraely niampita, ka nizara ny tany. Ary io fokon'i Joda io no nomena an'ity ampahany izay misy an'i Betlehema ity, izay any amin'ny zorony avaratra ambony amin'ny faritanin'i Joda, velarana kely iray izay somary mivoaka tahaka ny saikinosy kely iray. Ary ao amin'io toerana io, io faritany io, io faritany lehibe io, izany no faritra avaratry ny vary, izay nisy ny sompitry ny vary, izay nambolen'izy ireo vary sy vary hordea betsaka.

24 Ary ny iray tamin'ny zanakalahin'i Kaleba no nametraka sy nanorina an'io tanàna io. Salmona no anarany, iray amin'ireo zanakalahin'i Kaleba izy. Raha te-hijery an'izany ianareo, mandingana betsaka amin'ireto Soratra ireto aho, saingy hitako ny sasany amin'ireo rahalahy mandray naoty azy ireo. Ao amin'ny Tantara Voalohany 2:15-. . . Izao koa, ho hitanareo ao amin'ny Matio 1:5 izany. Ary izay nisy azy ireo, izy no nametraka sy nanorina an'io tanàna malaza io, izay tanàna kely iray, nefa malaza noho ireo zavatra lehibe izay nitranga tamin'ity tanàna ity.

25 Araka ny nolazaiko isan'andro, ilay izy dia tsy ilay fiangonana no lehibe; ilay izy dia ilay Andriamanitra lehibe ao amin'ny fiangonana. Ilay izy dia tsy ilay tendrombohitra no

lehibe, masina; ilay izy dia ilay Fanahy Masina lehibe izay teo an-tendrombohitra. Ilay izy dia tsy ilay olona no masina; ilay izy dia ny Fanahy Masina ao anatin'ilay olona. Hitanareo?

26 Tahaka an'izany ity tanàna ity. Kely izy amin'ny tsanganana, ary mihoatra an'izany amin'ny lohasaha, ary tsy misy be loatra ho jerena. Kely ny mponiny, ary mbola izany androany. Fa izany dia satria Andriamanitra no nifidy azy hanaovana zavatra. Izany no tiako, zavatra izay fidian'Andriamanitra. Tsy mampaninona na toy ny inona ilay izy, amin'ny olona, raha mbola Andriamanitra foana fotsiny no nifidy azy.

27 Rahaba ilay janga, izay mahazatra antsika rehetra, izy dia za—zazavavy tanora iray izay nalefan'ny ray sy reny mpanompo sampy teny an-dàlambe, izay nametraka azy teny an-dàlambe satria tsara tarehy izy, ary tokony hitondra fidiram-bola ho azy ireo, amin'ny fivarotan-tena. Kanefa, tao anatin'ity tovovavy ratsy fitondran-tena izay nalefa teny an-dàlambe ity, dia nandre izy fa nisy Andriamanitra iray Izay namaly vavaka. Ary ny fanararaotra voalohany izay nananany, mba hanekena an'io Andriamanitra io na hanaovana zavatra ho Azy, dia nataony izany. Dia nitahiry ny ainy Andriamanitra, ary namonjy ny rainy sy ny reniny, ary ny fianakaviany. Latsa-pitia tamin'ny jeneraly iray tao amin'ny tafik'i Isiraely izy, hitantsika ao amin'ny tantara, ary nanambady an'io jeneraly io. Ary nahafinaritra ny fifanambadian'izy ireo. Ary farany dia nonina ka nipetraka tao Betlehema izy ireo.

28 Ary tamin'ny alàlan'ity jeneraly ity no nitondrany ho an'izao tontolo izao za—zanakalahy iray, ny zanakalahin'i—i—i . . . Tsy afaka mieritreritra ny anaran'ilay jeneraly aho izao ankehitriny izao, niezaka aho ny hieritreritra. Nihevitra aho fa nanana ny anarany eto, saingy tsy manana aho. Manana ny anaran'ny zanakalahiny aho, fa zanak'i Rahaba tamin'io jeneraly io ilay izy. Salmona no anarany. Tsy ilay Solomona izay nanorina ny tempoly, ilay zanak'i Davida. Fa, iray hafa, Salmona, ary io Salmona io dia niteraka zanakalahy iray izay Boaza no anarany. Ary Boaza, oh, isika rehetra dia mahafantatra tsara an'io tantara mahafinaritra an'i Boaza sy Rota io.

29 Ankehitriny, hitanareo, ity vehivavy janga ity dia Jentilisa iray, ary izy dia renin'ny reniben'i Jesosy Tompontsika. Ary izao koa rehefa—rehefa i Boaza, zafikeliny, no tonga ka nanambady an'i Rota ilay Moabita, dia nanambady Jentilisa iray koa izy. Izany no nanao an'i Jesosy ho ampahana Jentilisa ihany koa, resaka eto an-tany. Noho izany rehefa niteraka ny zanany izy ireo, dia Obeda no anarany. Ary Obeda niteraka zanakalahy iray, Jese no anarany. Ary Jese nanana zanakalahy iray izay Davida no anarany. Tao Betlehema kely no niseho izany rehetra izany. Inona izany? Ny taranak'i Jesosy Tompo, Ny lasany izay tsy hitan'ireo lehilahy ara-panahy malaza, na ireo mody-antsoina hoe lehilahy ara-panahy.

30 Ary tao amin'io tany iray io ihany koa no nanosoran'i Samoela mpaminany an'i Davida ho mpanjakan'ny Isiraely, eto Betlehema mihitsy. Ary tamin'ny alàlan'i Davida no nivoahan'ny Zanaka malaza, "Ianao ry Zanak'i Davida," ilay Zanaka izay teraka tao anatin'ny fihinanam-bilona kely teo amin'ny ilan'ny havoana iray, teo amin'ny ilany andrefan'ny tanàna. Teo amin'io havoana io no nihiran'ireo Anjelin'Andriamanitra ny noeliny voalohany.

31 Ny teny hoe Betlehema, ndao vahavahantsika izany. B-e-t-h dia midika hoe "trano." E-l dia midika hoe "Andriamanitra." E-l-h-a-m dia midika hoe "Mofo." "Ny tranon'ny Mofon'Andriamanitra." Mety toy ny ahoana ilay izy hoe mivoaka avy ao Betlehema ny Mofon'Aina, "Tranon'ny Mofon'Andriamanitra." Oh! Tantara tsara tarehy izany.

32 Tsy maintsy ho efa taoriana kelin'ny aizina izany, ary efa nilentika ny masoandro. Efa nivoaka angamba ireo kintana, ary teo amin'ny adiny roa teo no lasa ny hazavana. Raha nametraka an'ireo tongony kely, reraka ilay ampondra kely teo ambadiky ny havoana, andrefan'i Betlehema, raha nandinika an'izay nametrahany an'ireo kitro keliny izy, satria sarobidy ny entany. Ary Josefa nitondra azy moramora, raha niakatra ny tendrombohitra izy telo kely, na nanao dia nandritra ny andro manontolo, avy tany Nazareta. Ary nanantena ny ho reny izy tamin'ny fotoana rehetra, efa nihoatra, angamba.

33 Fa ny zavatra rehetra dia voatendrin'Andriamanitra mialoha, izay miara-miasa hahasoa an'ireo izay tia Azy. Efa voatendrin'Andriamanitra fa tsy maintsy hisy mpanjaka iray tsy misy fo tamin'izany andro izany, ilay Heroda lian-drà. Fantatr'Andriamanitra ny mikasika an'izany. Fantatr'Andriamanitra ny momba an'ireo hetra, ary ahoana fa tsy nanana fisainan'ny famindrampo tamin'io reny mahantra io ity governemanta tsy mifaditrovana ity izay vonona ny hiteraka mihitsy ny zanany lahimatoa, afaka andro vitsivitsy fotsiny. Fa nandidy izy, hoe, "Tokony ho tonga any amin'ny toerana nahaterahany izy rehetra, ary handoa hetra. Tsy mampaninona izay toerana misy azy, tsy maintsy tonga izy, na ahoana na ahoana." Fantatr'Andriamanitra ny rehetra mikasika an'izany. Nahafantatra mialoha ny zavatra rehetra Izy. Ary Izy—Fantany ny zavatra rehetra, hitanareo, ary Izy no manao ny zavatra rehetra miara-miasa hahasoa.

34 Tsy nanao fitarainana mikasika an'izany ilay telo kely, raha niakatra ny havoana izy ireo. Farany, rehefa avy nitoloko mafy, ilay ampondra kely, dia toa hitako izy ireo rehefa nijanona teo an-tampon'ny havoana; izay ny. . .miakatra avy any amin'ny ilany andrefana, avy any Nazareta, tonga. Ary rehefa tonga teo an-tampon'ilay havoana izy ireo, mba hijery ny lohasaha izay ipetrahan'i Betlehema kely. Fanilo maro no nirehitra. Olona maro no niangona avy tany Galilia rehetra, mba ho tonga

ao amin'ny toerana nahaterahan'izy ireo tao Betlehema, sy manerana ny faritany, mba handoa hetra ho an'ny governemanta Romana. Tsy mampaninona na inona ireo toerana, niparitaka nanerana ny làlana izy ireo, ny marary sy ny manana ilaina, sy ny sakaizam-pandriana, ny boka, ny tratry ny homamiadana, ny—ny—ny—ny mahantra, ny kilemaina, ny mandringa, ny jamba. Tsy maintsy tonga ny rehetra, satria baikon'ny governemanta izany. Ary Heroda no tao ambadik'izany, ary tsy maintsy natao izany.

35 Ary raha nijanona teo an-tampon'ilay havoana ny antoko kelintsika, dia tsy maintsy nisy vato lehibe nipetraka teo. Ary toa hitako i Josefa nampakatra azy, moramora, teo an-tsandriny, ary manampy azy hiala teo amin'ilay ramole kely, ka—ka nametraka azy teo anilan'ilay vato. Ary nisento mba hahazo ny fofon'ainy ilay ramole kely. Ary raha nandroso nanao dingana vitsivitsy Josefa avy eo, dia nijery an'i Betlehema kely, ary nahita an'ireo làlambe hipoka, sy ny horakoraka, sy ireo fanilo mirehitra teny an-dàlambe, ary ireo hiakiakan'ny olona. Ary nandry teo an-tokotany sy teo an-kianja izy ireo, ary tany ivelan'ny vavahadin'ny tanàna izy rehetra. Tsy maintsy fahitana iray izany!

36 Tsy maintsy niteny zavatra tahaka an'izao i Josefa. "Maria, malala, eritrereto fotsiny. Teo ampitan'ilay tanàna mihitsy, teo amin'ny ilany avaratra, no nitsimponan'i Rota ilay Moabita tao amin'ny sahan'i Boaza. Ery, ao ambadik'io mihitsy, eo ambonin'ilay tendrombohitra ery, teo no nisy an'i Davida, niaraka tamin'ny antsamotadiny, nanao an'ilay liona ho amin'ny tany, ary nisintona an'ilay ondry avy teo am-bavany. Tsy maintsy teo, no nitsanganan'i Josoa teto niaraka tamin'ny sabany manjelanjelatra, ilay mpiady tsy manan-tahotra an'ny olontsika, ary nizara ny tany, ka nanome an'izany lova izany ho an'ny fokon'i Joda, izay, malalan'ny fo, avy amin'ny taranany isika." Ary amin'ny zavatra samihafa, hoe ahoana fa tsy maintsy nanazava taminy an'izay niseho izy.

37 Ary avy eo tsy nandre feo avy taoriany, dia tsy maintsy nitodika izy mba nijery, mba hahitana raha mbola nipetraka teo ambonin'ilay vato foana izy. Ary rehefa nitodika izy, ka nahita ny tarehiny tsara tarehy nitodika tany amin'ny lanitra, dia tsy nila nanontany intsony izy, satria ny taratr'ilay Kintana dia hita teo amin'ny masony. Fantany fa nijery Zavatra iray izy.

38 Dia nijery azy izy, ka nanao hoe, "Josefa, efa voamarikao ve ilay Kintana mihantona ery?"

39 Ary rehefa nijery izy, ary tamin'ny fahagagana, nanao hoe, "Tsy nahamarika Azy aho taloha, malala."

40 "Eny, nanaraka antsika Izy hatramin'ny nilentehan'ny masoandro. Nandinika Azy aho. Tsy maintsy midika zavatra Izy, satria manana an'ilay fihetseham-po mahafinaritra indrindra aho."

41 Fantatrareo, Andriamanitra dia manao zavatra tahaka an'izany, indraindray, ho an'ny Olony, maneho amintsika Hazavana iray, na fomba iray izay ahafahantsika mahafantatra fa akaiky Izy ary eo amin'ny sehatra Izy. Tsy mampaninona izay tsy maintsy holazain'izao tontolo izao na hataony, dia mbola eo foana Izy, ary ho mety tsara ny zavatra rehetra. Manamafy an'izany fotsiny Izy, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, mba ahafahantsika mahatsapa an'Izany.

42 Ary mety nilaza zavatra tahaka an'izao i Josefa. "Maria, mba fantatrao moa? Tsy mbola tena sambatra mihitsy aho tamin'ny fiainako rehetra. Rehefa, noteren'ny governemanta Romana aho, kanefa tsy mbola tena sambatra tahaka ahy izao ankehitriny izao mihitsy aho, ary tsy fantatro hoe nahoana. Toy ny hoe misy fahamasinana eo amin'ilay tanàna kely, izao hariva izao, izay nivezivezenay fony izahay zazalahy sy zazavavy, tamin'ny taona adolantsentonay sy ny taonam-pianaranay."

43 Tany Atsinanana lavitra tany, ary an-jatony maily maro avy teo, dia efa teny amin'ny làlany ireo Magy. Nahita Ny Kintany izy ireo, ary ho tonga mba hiankohoka amin'ilay Fonosam-Panomezana kelin'Andriamanitra izay Nalefany ho an'izao tontolo izao.

44 Vetivety fotsiny nanomboka tamin'izay, dia handray ny Fanomezany lehibe indrindra izay hany noraisiny izao tontolo izao, Fonosana kely iray nofonosina. Kely iray, Fonosana Krismasy kely voalohany izay hany nofonosina, teto amin'izao tontolo rehetra izao, Andriamanitra no namono an'Izany. Tehanazava ny eritreritro aho, ka hilaza an'izao. Ny zavatra lehibe indrindra izay hany nofonosina tao amin'ny nofon'olombelona dia nofonosina tao amin'Izany. Andriamanitra Izy tenany no namono Ny Tenany Manokana tao anaty fonosana Krismasy iray ary nandefa an'Izany ho an'izao tontolo izao.

45 Nahoana no nolavin'izy ireo Izany? Nahoana izy ireo no tsy afaka nahita an'Izany? Nahoana izy ireo no nandà an'Izany? Nahoana no tsy tian'izy ireo Izany? Ilay antony iray ihany izay tsy itiavan'izy ireo an'Izany izao hariva izao. Tsy natolotra azy ireo tamin'ny fomba fanolorana fanomezana izay nahazatra azy ireo Izany. Izany no antony mbola andàvana an'Izany, izao hariva izao, dia satria tsy natolotra ny olona tamin'ny fomba fandraisana fanomezana izay nahazatra azy ireo Izany.

46 Fa Andriamanitra no mamono Ny Fonosany Manokana. Manana zò hanao an'izany Izy, Izy no ilay Anankiray izay manome an'Izany. Manana zò hamono an'Izany amin'ny fomba rehetra izay Tiany hamonosana an'Izany Izy. Tsy manao fahasamihafana hoe ahoana ilay izy, manana zò hanao an'izany Izy satria Izy no ilay Anankiray izay manome an'ilay—ilay Fanomezana.

47 Zavatra iray hafa, ny anton'izany dia, tahaka azy tamin'izany, satria tsy fanao ho azy ireo ny nandray an'Izany tamin'ny fomba izay namonosana Azy. Nanantena zavatra izy ireo, fanomezana iray ho tonga, izay hidina eo ambonin'ny kalesy, miaraka amin'ny andian'Anjely mitondra soavaly afo. Fa rehefa tonga tahaka ny Zaza kely iray teraka tao anaty fihinanam-bilona Izany, dia kely no mba nahafantaran'izy ireo fa ny Soratra dia nanao hoe, "Homeko famantarana ambony iray ity izao tontolo izao ity."

48 Nangataka famantarana iray izy ireo, indray andro. Hoy Izy hoe, "Homeko anareo izany. Ho famantarana ambony iray izany. Ho famantarana iray izay haharitra mandritr'ireo taona rehetra izany. Hanan-anaka ny virijiny ka hiteraka Zaza, Zanakalahy iray, ary izy ireo hiantso Ny Anarany hoe 'Imanoela.' Izany ilay famantarana ambony. Izany no Fanomezana izay Homeko." Saingy tsy tonga araka ny nanantenan'izy ireo Azy Izany, ka nolavin'izy ireo Izany.

49 Toy izany koa ilay izy izao hariva izao, ry rahalahiko. Tsy tonga araky ny itiavan'ny olona Ahatongavany ny Fanomezan'Andriamanitra, ka noho izany dia nolavin'izy ireo Izany. Tsy ilain'izy ireo Izany. Tian'izy ireo ho voafono ao anatin'ny karazan'entana izay tian'izy ireo hamonosana Azy Izany. Mila girilandy izy ireo eo ambonin'Izany. Mila zavatra misy voninkazo izy ireo, zavatra izay manitra, zavatra izay mamirapiratra, zavatra izay kilasika. Fa Andriamanitra tsy mandefa an'Izany foana tahaka an'izany. Mandefa an'Izany amin'ny hery Izy, amin'ny fomba Tiany handefasana an'Izany.

50 Zavatra iray hafa, nentin'ny mahantra Izany. Maria, sy Marta—Marta, raha ny marina, na . . . Tena olona nahantra i Maria sy Josefa. Tantsaha izy ireo. Ary satria nentin'ny mahantra Izany, dia tsy nilain'izy ireo Izany.

51 Toy izany koa ilay izy amin'izao andro izao. Rehefa io Fanomezana lehibe an'ny Fiangonana io, ny Fanahy Masina, no milatsaka eo amin'ny mahantra sy manetry tena, dia tsy ilain'ny mpanan-karena Izany. Tsy te-hanetry ny tenany izy ireo. Mila an'Izany miaraka amin'ny kilasy izy ireo, fa tsy mila an'Izany amin'ny fomba andefasan'Andriamanitra Azy. Maro ny olona te-handray ny Fanahy Masina, saingy—saingy te-hahazo an'Izany arak'izay itiavany Azy izy ireo. Fa, oh, tena faly aho fa tsy afaka manao an'ilay izy tahaka an'izany ianareo. Tsy maintsy manao an'ilay izy amin'ny fomba andefasan'Andriamanitra an'Izany aminareo ianareo, ary manetry ny tenantsika mba handray an'Izany.

52 Tsy nofonosina tao anaty lamba rongony Izany. Nofonosina tao anaty lamban-jaza Izany. Fa, nampianarina aho fa ilay tena zavatra namonosana an'i Jesosy, ilay Kristy, dia ilay karazan-javatra avy teo an-damosin'ny ziogan'omby, izay nihantona

tao amin'ilay tranon'omby. Nofonosina tao anaty lamban-jaza Izy, dia ny—ny . . . izay nametrahan'izy ireo ny . . . vorodamba iray manodidina an'ilay ziogan'omby, mba hiarovana azy tsy hitsovaka rehefa misintona izy. Izy ireo, tsy nanana akanjo ho Azy izy ireo. Ary izy ireo . . . Oh, rehefa mieritreritra an'izany aho, dia saiky manimba ny foko izany; tsy misy akanjo ho an'i Imanoela, ilay Mpamorona ny Lanitra sy ny tany. Ary tsy misy akanjo Hanaovany, ary tsy maintsy nofonosina tao anatin'ny vorodamba izay nampiasain'ny omby iray teo amin'ny tendany. Oh, famantarana ambony iray toy ny inona!

53 Tokony ho tena hanintona ny olona izany. Jehovah kely, mitomany tahaka ny zazakely iray. Andriamanitra, tonga nofo, ao anaty Fonosana iray. Andriamanitra, Izay mandrakotra ny habakabaka sy ny fotoana rehetra, talohan'ny nisian'ny tontolo iray, na kintana iray, na molekiola iray, namono ny Tenany tao anaty Fonosana kely ary nampandriana tao anaty fihinanam-bilona; tao anaty tranon'omby iray, izay misy an'ireo zeziky ny biby fiompy sy ondry, sy ny sisa; eo ambonin'io tranon'omby io, ary tao anatin'io fihinanam-bilona kely io, teo ambonin'ny mololo na vilona. Nandry teo Jehovah, nitomany tahaka ny zazakely iray. Azonareo eritreretina ve izany?

54 Nahoana, tsy nila na inona na inona tahaka an'izany ny mpanan-karena. Handoto ny eritreriny manokana izany, zavatra iray tena manetry tena. Ary nentin'ny zazavavy iray, zazavavy tantsaha kely iray izay noheverina, teo amin'ny mpiara-monina aminy, ho—ho fanatika iray; ary avy amin'ny mpandrafitra iray izay nahafantatra ny ABD-ny angamba. Ary ahoana no hany ahafahan'izy ireo hiteraka zavatra izay afaka hampitolagaga na hampitony ny mason'ilay olo-malaza? Ahoana no hany ahafahan'izy ireo hamokatra zavatra izay hahafaly na hahafapo an'ilay vahoaka manan-karena, mpieboebo, na ilay anarampiangonana tamin'ny andron'izy ireo? Nolavina izy ireo, marindrano.

55 Tsy tamin'io andro io ihany, fa amin'izao andro izao, ihany koa. Lavin'izy ireo Izany, marin-drano. Tsy tonga nofonosina arak'izay itiavan'izy ireo Azy Izany. Tian'izy ireo ny—ny manary an'Izany, manao hoe, "Tsy misy na inona na inona amin'Izany." Noho izany dia ilay manan-karena sy ireo anaram-piangonana no mandà an'io Fanomezana io. Tsy nisy nidiran'izy ireo tamin'Izany. Nahoana? Nahoana izy ireo no nanao zavatra tahaka an'izany? Tsy nofonosina tamin'ny fomban'ny fanekempinoan'izy ireo Izany. Izany ilay antony, amin'izao andro izao, hoe tsy mila ny Fanomezan'Andriamanitra izy ireo. Tsy mila an'Andriamanitra ity Etazonia ity. Tsy mila an'Andriamanitra ireo fiangonana ireo. Mila Santa Claus izy ireo. Mila zavatra miaraka amin'ny girilandy sy loko mena izy ireo, ary—ary—ary—ary zavatra mamiratra, manjelatra. Mandà ny Fahamarinan'ny Filazantsara izy ireo, an'ny Hery sy ny fitsanganan'i Kristy

Jesosy. Tsy hifono amin'ny fanekem-pinoan'izy ireo Izany. Tsy afaka mamono an'i Kristy ao anatin'ny fanekem-pinoana iray ianareo.

56 Nihaino aho, aninkeo maraina, raha nandeha nankany amindry mama aho, vao maraina, nandefa radio. Ary fi—fiangonana iray no nanonona na nilaza ny . . . izay antsoina hoe, Fanekem-pinoan'ny Apostoly. Tsy misy izany karazan-javatra izany.

57 Ny fanekem-pinoana tokana hany fantatry ny apostoly mba hananana, dia hita ao amin'ny Asa 2:38, "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ho an'ny famelàna ny fahotanareo. Ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina." Izany no fanekem-pinoana tokana hany hitako, ao amin'ny Baiboly, hany nampiasain'izy ireo.

58 Ity iray hafa ity dia fanekem-pinoana nataon'olona. Ary tsy afaka mamono an'i Kristy ao anatin'ny fanekem-pinoana Presbyterana iray ianareo, na ao anatin'ny fanekem-pinoana Batista iray, na fanekem-pinoana Katolika iray, na fanekem-pinoana Pentekotista iray. Ny zavatra tokana izay hifonosan'i Kristy, izany dia ny fonareo, fa tsy ny fanekem-pinoanareo. Mila ny fonareo Izy. Manana tilikambo fanaraha-maso iray Izy eo izay Tiany hiara-miasa aminareo, hitondra anareo ho amin'ny Fiainana Mandrakizay. Tsy hanaiky fotsiny Izy; ary tsy afaka mamono Azy ao anatin'ireo fanekem-pinoana ianareo. Tsy afaka ianareo tamin'izany; tsy afaka ianareo ankehitriny. Tsy afaka hanao an'izany mihitsy ianareo.

59 Noho izany, tsy afaka nandray an'Izany izy ireo, satria nihevitra betsaka kokoa ny fanekem-pinoany izy ireo noho ny niheverany an'ilay Fanomezana.

60 Tahaka an'izany ilay izy amin'izao andro izao. Tsy afaka manaiky ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona, ao amin'ny fiangonan'izy ireo. Hanimba ny fanekem-pinoan'izy ireo izany. Tsy afaka manaiky ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra izy ireo, ny batisan'ny Fanahy Masina, ary ireo Foto-pampianarana evanjelika lehibe an'ny Baiboly, ireo Fahamarinana apostolika. Nahoana? Satria manameloka an'Izany ny fanekem-pinoan'izy ireo. Oh, fahadalana toy ny ahoana, ny maka an'ilay taratasy izay nifonosan'ilay Fonosana ary manary an'ilay Fanomezana. Tahaka ilay dondrona, noraisiny ilay boaty ary nekeny ilay izy, fa nariany ilay fanomezana. Tahaka an'izany ny fiangonana, sy ataon'ny olona amin'izao andro izao, adinon'izy ireo fa ny Fanomezan'Andriamanitra dia ny Fiainana Mandrakizay amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Nolavina betsaka Izy amin'izao andro izao tahaka Azy tamin'izany. Amin'ity harivan'ny Krismasy ity, dia nolavina betsaka Izy tahaka Azy tamin'ny harivan'ny Krismasy voalohany. Tsy afaka manao izany izy ireo,

satria tsy mifanaraka amin'ny fanekem-pinoan'izy ireo izany. Nanerana ny taona rehetra, dia nanana an'ilay zavatra iray ihany isika.

61 Tsy mahagaga raha tsy nisy efitra ho Azy tao amin'ilay tranom-bahiny. Tsia. Tsy nofonosina tsara; tsy nofonosina Izany, ilay taratasy kilasika nanodidina Azy. Nofonosina tahaka ny Fanomezana iray Izany, tahaka ny Fanomezana iray avy tamin'Andriamanitra, nirahina avy tamin'Andriamanitra, Andriamanitra iray izay tsy nisy na inona na inona fantatr'izy ireo. Nilaza izy ireo fa nahafantatra. Ary nilaza izy ireo fa nitady Azy. Saingy tsy tonga tamin'ny fomba izay noheverin'izy ireo Ahatongavany Izy, araka ny fanekem-pinoan'izy ireo, ka tsy afaka nandray ny Fanomezan'Andriamanitra izy ireo. Nofonosina hafa Izy. Nofonosina toy ny zazakely iray Izy. Teraka tao anaty fihinanam-bilona Izy. Avy tamin'ny olona mahantra Izy. Avy tamin'ny andiana "fanatika" iray Izy, noho izany dia ahoana no ahafahan'izy ireo handray zavatra tahaka an'izany? Tsy mahagaga raha tsy nisy efitra ho Azy tao amin'ilay tranom-bahiny.

62 Tsy misy efitra ho Azy, aza, ao amin'ireo fiangonana. Nandroaka Azy izy ireo. Tsy mino an'Izany izy ireo. Hilaza izy ireo hoe, "Alaviro ny Zavatra tahaka an'izany! Fanatisma Izany. Tsy te-hanao na inona na inona amin'Izany izahay. Manohitra ny foto-pampianaran'ny razanay Izany, ny foto-pampianaran'ity fiangonana ity, ny foto-pampianaran'ny fanekem-pinoanay an'ireo razambenay." Noho izany, Kristy dia nolavina mihitsy amin'izao andro izao tahaka Azy tany aoriana tany. Tsy misy efitra, izao hariva izao, ao amin'ireo fiangonantsika tsara, ireo fiangonantsika goavana, ireo fiangonantsika mahafinaritra. Tsy misy toerana ao amin'ireo antokom-pivavahantsika, amin'izao andro izao, ho an'ny fivorian'ny Fanahy Masina. Tsy mila an'Izany izy ireo. Izany, manambany azy ireo eo imason'ireo kilasy an'ny firenena Izany. Manambany azy ireo Izany ny mihevitra fa manetry ny tenany izy ireo hanatona eo amin'ny alitara iray, hitomany sy hiandry eo mandra-pahatonga azy ireo ho feno Hery avy any amin'ny Avo, mba hitsangana avy eo miaraka amin'ny fanavaozana ny Fiainana; manao ny vehivavy hamela ny volony haniry, ary hihetsika tahaka ny tokony hihetsehan'ny vehivavy; hanao ny lehilahy hanary ny sigarany, sy hanajanona ny fisotroany, ary hitondra tsara ny fianakaviany. Be loatra izany ho azy ireo. Noho izany dia mifikitra amin'ny fanekem-pinoany izy ireo, an'ny fiangonany, raha tokony handray ny Fanomezan'Andriamanitra, Fanomezana Krismasin'Andriamanitra.

63 Aleon'izy ireo manana fanekem-pinoana iray toy izay hanana an'ilay Fanomezana, aleony manana an'ilay taratasy toy izay ilay Fanomezana. Tian'izy ireo ilay taratasy, azo antoka, zavatra izay girilandy daholo, tabataba betsaka izay azon'izy

ireo hatao mikasika an'izany. Fa ilay tena Fanomezana izay ao anatin'izany, dia tsy mila an'Izany izy ireo. Hitanareo?

64 Izy dia nofonosina, arak'izany, tao anaty lamba maloto iray, lamban-jaza. Ary nofonosina Izy, androany, ao anatin'ilay zavatra iray ihany, izay antsoin'izy ireo hoe, "holy-roller, fanatisma, andiana mpivadi-pinoana." Nofonosina lamban-jaza Izany, ary tsy mila an'Izany izao tontolo izao. Oh! Tena faly aho manainga an'io lamba io. Jereo izay mipetraka ao ambanin'izany: Fiainana Mandrakizay, Andriamanitra, tonga nofo ka nonina teo anivontsika.

65 Tsia, tsy nila Azy izy ireo. Nanelingelina ny antokom-pivavahan'izy ireo Izany.

66 Ny mandray an'Izany, amin'izao andro izao, manelingelina azy ireo Izany. Oh, raha hitsangana ny olona iray ao amin'ny fiangonana, ka manomboka mihiakiaka, na midera an'Andriamanitra, na olona iray manao hoe, "Amena," tahaka an'ity vondron'ny mpitoriteny eto ity, zavatra iray, na ao amin'ny mpanatrika, dia haingana mihitsy no hitarihan'ny mpampiditr'olona iray azy ireo hankeny am-baravarana. Ary raha nanana ny anaranareo teo amin'ilay boky ianareo, dia hesorina haingana izany. Hitanareo? Andriamanitra tsy manana a—anjara iray.

67 Raha ny Filoha voafidy, Kennedy, no mitsidika ity tanàna eto ity, ireo saina dia—dia hikopakopaka, ary ny—hikopakopaka ny girilandy, ary ny—ary ho velarina ireo karipetra, ary—ary fiarahabana iray izay ianareo—tsy mbola hitanareo mihitsy. Fa, mety tsara izany raha te-hanao an'izany izy ireo. Izy no Filoha voafidy an'i Etazonia. Fa raha ho avy izy, izy ireo—hataon'izy ireo izany rehetra izany, ary hanome azy ny fiarahabana lehibe indrindra izy ireo, ary hieritreritra, fa, "Nanetry tena izy mba ho tonga ao amin'ny tanàna kely iray tahaka an'i Jeffersonville, Indiana, nefa i New York sy ireo tanàn-dehibe dia miantso azy, hatraiza hatraiza, mandritra ny fotoana fohy fotsiny, mba hiresaka aminy." Raha tonga ao Jeffersonville izy, ao amin'ny tanàna mahantra iray tahaka ny antsika, ahoana fa izy ireo dia hitafy, an'izay antsointsika hoe, "ny alika." Ary hanao ny zavatra rehetra izy ireo, ary—ary miakanjo eny an-dàlambe, sy—sy hanao ny zavatra rehetra hanao azy ho tongasoa. Mety tsara izany, raha politisiana iray ianareo. Mety tsara izany.

68 Fa Jesosy dia afaka ho tonga amin'ny endriky ny fitsanganan'Ny Heriny, afaka ho tonga amin'ny Fanahy Masina, ary afaka haneho famantarana sy fahagagana, fa hitsikera an'Izany ny gazety tsirairay. Ny olona dia hiantso an'Izany hoe, "holy-rollers." Hilaza izy ireo hoe, "Adala ny vahoaka." Tsy mahagaga raha manana baomba atomika isika miaraka amin'ny anarantsika voasoratra eo aminy. Manao tsinontsinona ny famindrampo, tsy misy na inona na inona tavela afa-tsy ny

fitsarana. Oh, tsy handray an'Izany izy ireo. Tsy nandray izy ireo tamin'izany. Tsy handray izy ireo ankehitriny.

69 Nahoana izy ireo no tsy nanao an'izany? Te-hanontany fotsiny aho, nahoana izy ireo no tsy nanome, nanaiky ny Fanomezana Krismasin'Andriamanitra? Nahoana no tsy nanao an'izany, nanao an'izany izy ireo? Raha fanomezana iray fotsiny izay azon'izy ireo nojerena ilay izy, ary nety tamin'ny fikambanany Izany, dia ho nety tsara Izany. Raha ny antsika . . .

70 Raha nety tamin'ny fikambanan'ny olona amin'izao andro izao ity fivavahan'ny Fanahy Masina ity, dia ho noraisin'izy ireo Izany. Eny, nahoana izy ireo no tsy mandray an'Izany, arak'izany? Satria mihevitra betsaka kokoa ny fikambanany izy ireo noho ny hiheverany an'i Kristy. Marina izany.

Hoy ianareo hoe, "Miresaka mafy mihitsy mikasika Azy ianao."

71 Miandany Aminy aho. Izy no Tompoko. Izaho dia manana ny . . . Izaho—izaho—Mpanompony aho. Manana zò hiantsoantso manohitra an'izay tsy mety aho. Marina izany. Ary ireo Kristiana dia mino an'izany, sy mahafantatra an'izany, sy manaiky an'izany, ary mahafantatra fa izany no Fahamarinana.

72 Inona no antony tsy nandraisan'izy ireo an'io Fonosana nofonosina io? Fantatr'izy ireo izay tao anatin'Izany, ka tsy nilain'izy ireo Izany.

73 Izany no antony mahatonga an'ireo fiangonana sy ny vahoaka, amin'izao andro izao, ary ireo governemanta amin'ireo firenena, tsy handray ny Fanomezana Krismasin'Andriamanitra, dia satria fantatr'izy ireo hoe inona no ao anatin'Izany. Tsy ilain'izy ireo Izany. Hanao an'ireo vehivavy hihetsika hafa Izany. Hanao an'ireo lehilahy hihetsika hafa Izany. Tsy maintsy mitondra an'ilay anarana ianareo hoe "fanatika iray." Tsy maintsy mandray an'ilay làlana miaraka amin'ireo vitsin'ny Tompo nohamavoina ianareo. Tsy maintsy manadio ny fiainanareo ianareo. Tsy maintsy manatsahatra ny faharatsianareo ianareo. Tsy maintsy mijanona tsy manao ratsy ianareo, manambaka, mangalatra, mandainga, mijangajanga. Tsy maintsy manajanona an'ireo zavatra ireo ianareo. Fa tsy mila an'Izany ny olona. Na dia mety ho fantatr'izy ireo aza fa marina Izany, saingy tsy ilain'izy ireo Izany. Mitondra Fahamarinana be loatra ho azy ireo Izany. Mampiharihary ny fahotan'izy ireo Izany, koa noho izany dia tsy ilain'izy ireo Izany, tsy te-hanao na inona na inona amin'Izany izy ireo. "Mijanòna lavitra an'Izany."

74 Tahaka an'izany ilay izy tamin'izany andro izany. Fantatr'izy ireo izay nofonosina tao anatin'Izany, noho izany dia hoy izy ireo hoe, "Alaviro Izany."

75 Tsy ilain'izy ireo Izany. Ilay zavatra iray ihany izany, amin'izao andro izao, tsy nila an'Izany mihitsy. Ary tsy mila ny Fanahy Masina izy ireo, amin'izao andro izao, dia satria

fantany izay nofonosina tao anatin'Izany. Afaka mandinika o—olona iray mandray ny Fanahy Masina izy ireo. Mitsangana eo izy ireo ary mahita fa io vehivavy io, angamba ho ambany arak'izay mety haha-izy azy izy, hany ka na ireo alika aza dia zara raha hijery azy; ary mahita an'io vehivavy io nitsangana avy teo amin'ity alitara ity, olom-baovao iray; mahita an'io vehivavy io manadio ny fiainany, mivoaka ary mihetsika tahaka ny ramatoa iray. Mahita anankiray izay mihazakazaka mankany amin'ny fetin-karatra, mifoka sigara efatra na dimy fonosana isan'andro, mandeha any amin'ireo trano fisotroana, mpitety trano fisotroana mahazatra; ary fantatr'izy ireo, fa raha mba manaiky an'io Fanomezan'Andriamanitra io izy ireo, nofonosina tao anaty Fonosana antsoina hoe Jesosy Kristy Izany, dia hanimba ny kely tsirairay amin'ny fahafinaretany araka an'izao tontolo izao Izany, satria tsy hahatanty an'izany Izy. Manao zavatra ho azy ireo Izany, manova olona Izany. Tsy te-hovaina ny olona. Izy ireo, "Avelao aho hipetraka tsara."

76 Mampahatsiahy ahy an'ilay lehilahy misy demonia izany. Izay, nankany Gadara Jesosy, ary nisy lehilahy iray tany, nanana devoly roa arivo tao anatiny. Ary hoy izy ireo hoe, "Nahoana no tsy. . .Inona no ifandraisanay Aminao? Nahoana Ianao no tonga eto? Mialà amin'ny taninay. Tsy mila Anao eto izahay." Te-havela hipetraka tsara izy ireo. Nahatsapa ho tsaratsara kokoa ny olona, any an-trano, niaraka tamin'ireo devoly, noho ny tsapan'izy ireo niaraka tamin'i Jesosy. Dia hoy izy ireo, "Mialà amin'ny taninay, tsy mila Anao eto izahay."

77 Legiona antitra mahantra, izy no hany tokana izay—izay nila fanampiana. Tonga any amin'ireo izay mila Azy foana Izy. Tonga any amin'ireo izay mila Azy Izy. Noho izany, izy no hany tokana nampiana. Nieritreritra aho mazàna, hoe rehefa tonga any An-danitra aho, dia te-hahita aho hoe firy—firy ny lanjan'ny fijoroany vavolombelona teo amin'ireo mpiompy kisoa tao Gadara. Eny, raha andian-kisoa iray no ho vidin'izany amin'izy ireo, dia tsy mila fifohazana izy ireo.

78 Raha zavatra iray no ho vidin'izany amin'ny olona, dia tsy te-hanao na inona na inona amin'Izany izy ireo. Tahaka an'izany ilay izy amin'izao andro izao, raha ny fetin'ny bunco-nareo no ho vidin'Izany aminareo, ireo fotoana goavana, ireo sigaranareo, ireo vazivazy malotonareo, ny loto rehetra sy ireo zavatr'izao tontolo izao. Ny antony tsy nilan'izy ireo an'Izany, dia zavatra iray no ho vidin'Izany amin'izy ireo, ny anarana goavan'ny fikambanananareo miaraka amin'ny famirapiratana betsaka eo aminy.

79 Saingy Izany dia hanome anareo anarana iray voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, izay tsy ho voafafa mihitsy. Noho izany, ataovy ny safidinareo. Manana safidy malalaka ianareo. Oh! Raiso ny Fanomezana

Krismasin'Andriamanitra, izany no—no fivavako ho anareo. Eny.

80 Tsy ilain'izy ireo Izany, satria manao zavatra ho azy ireo Izany. Sa, nila ve ny governemanta? Tsy nila Azy ny governemanta. Tsy nila Azy i Heroda. Tsia, tompoko. Satria nahoana? Hanova ny fandaharany Izy.

81 Ary tsy mila Azy ny governemanta, amin'izao andro izao. Natao ho firenena Kristiana iray isika.

82 Nahoana, tsy mila Azy ny UN. Handray ny hevitra hafa rehetra eto amin'izao tontolo izao izy ireo afa-tsy ny Azy. Tsy hanolotra vavaka mihitsy izy ireo. Tsy misy vavaka amin'ny fivorian'izy ireo. Miditra ao fotsiny izy ireo ary "alika mihinana alika," arak'ilay fitenenana fahiny avy eny an-dàlambe. Tsy mila an'i Kristy izy ireo. Tsy maintsy nanova ny fandaharan'izy ireo Izy, noho izany dia tsy mila Azy izy ireo. Tsy nila Azy izy ireo tamin'izany. Tsy mila Azy izy ireo ankehitriny.

83 Tsy nila Azy ireo fiangonana, satria tsy nanaiky ny fanekem-pinoan'izy ireo Izy. Niteny tamin'izy ireo Izy hoe izy ireo dia, nanao hoe, "Ianareo taranaky ny vipera, ianareo rindrina nofotsiana." Niantso azy ireo tamin'ny zavatra rehetra izay azo nampianarina Izy. Niteny tamin'i Heroda antitra, nanao hoe, "Mandehana teneno amin'izany amboahaolo izany." Ary inona no maloto kokoa noho ny amboahaolo iray? Inona no maimbo sy ambany kokoa noho ny amboahaolo antitra maloto iray? Hoy Jesosy hoe, "Izany no maha-izy azy." Noho izany, Izy—Izy—Izy dia niantso ny mainty hoe "mainty," ary ny fotsy hoe "fotsy." Izy—Izy—Izy dia niantso ny diso hoe "diso," ary ny marina hoe "marina." Noho izany, dia tsy nilain'izy ireo izany.

84 Ireo fiangonana amin'izao andro izao dia tsy mila pasitera iray feno ny Fanahy Masina, izay hampangotraka an'izany marina tokoa, ka hiteny aminareo an'izay marina sy diso. Tsy ilain'izy ireo izany. Horoahin'izy ireo izy, haingana mihitsy. Mivory miaraka ny komitin'ny diakona ka mandà azy, maka iray hafa, ary miresaka momba ny fanekem-pinoan'izy ireo.

85 Rahalahy, tsy mahafantatra fanekem-pinoana afa-tsy Kristy aho, tsy misy lalàna afa-tsy fitiavana, ary tsy misy boky afa-tsy ny Baiboly. Izany no ilaintsika. Izany no ilain'ireo fiangonana.

86 Fa ny—ny—tsy ilain'ny olona Izany. Noho izany, ataon'izy ireo tena voafono ao anatin'ireo anaram-piangonana ireo ny fiangonana hany ka afaka maka komitin'ny mpitantan-draharaha iray izy ireo na komitin'ny diakona iray ka handà pasitera tsara iray amin'ny fomba rehetra izay tian'izy ireo handàvana. Saingy tsy afaka mandà an'Andriamanitra izy ireo, izany no zavatra iray azo antoka. Andriamanitra dia hijanona ho Andriamanitra. Tsy handray Azy izy ireo. Mandray an'ireo—an'ireo sakaizany sy ireo politisianiny izy ireo, sy ny sisa, fa tsy handray an'i Kristy.

87 Aleon'izy ireo manana Santa Claus, amin'ny fotoana rehetra. Izao tontolo izao no nanapaka. Santa Claus no nanapaka. Eny, fantatrareo, ireo ankizy kely dia tsy mahafantatra intsony akory aza hoe inona ny dikan'ny Krismasy.

88 Tsy fantatr'izy ireo hoe inona ny dikan'ny Paska, izany dia—izany dia bitron'ny Paska iray, karazana bitro iray, na akoho kely iray miloko mavo, na zavatra iray. Inona no idiran'Andriamanitra, ny fitsanganana, amin'ny akoho iray, ilay vorona maloto indrindra izay misy? Inona no maloto kokoa noho ny akoho iray? Ary izy ireo—apetrak'izy ireo ao izany, ary maka ny toeran'i Kristy.

89 Inona no angano betsaka noho i Santa Claus? Tsy nisy mihitsy ny zavatra tahaka an'izany. Miteny lainga amin'ireo ankizy, ho tompon'andraikitra amin'izany ianareo amin'ny Andron'ny Fitsarana.

90 Tsy mahagaga raha tsy mahafantatra an'izay hatao ny olona. Izy ireo . . . Izy ireo—tsy mila an'ilay tena zavatra fotsiny izy ireo. Haka ny zavatra rehetra artifisialy izy ireo, fa tsy mila an'ilay tena zavatra. Tsy mila ny fanomezan'Andriamanitra izy ireo. Oh, oadray! Izany tokoa. Tsy mila an'i Jesosy izy ireo, zavatra iray izany.

91 Nandray naoty aho eto, ny antony anankiray izay tsy nilan'izy ireo Azy, dia satria rehefa niditra tao amin'ny tempolin'izy ireo Izy, ka Hitany ny fahalotoan'izy ireo tao an-tempoly, dia Nahongany ireo latabatra ary noroahiny ireo mpanakalo vola. Nodioviny izany.

92 Ary raha mba namela ny Fanahy Masina hiditra ao amin'ny iray amin'ireo fiangonana goavana manodidina eto izy ireo, dia ho Nodioviny izany. Noho izany, tsy afaka manaiky an'Izany izy ireo, hitanareo. Izany dia hanao azy ireo hijanona tsy hiloka, hanao azy ireo hanajanona an'ireo fetin'ny rock-and-roll.

93 Mametraka ny sarin'izy ireo eo amin'ny gazety, tahaka an'ireo beatniks, tahaka ny nataon'ny mpitory teny Metodista iray teto tao Howard Park, Clarksville. Misy rahalahy mipetraka eto ankehitriny, raha tsy nibango ny volony hidina ho azy izy. Ny lehilahy iray, mpanompon'Andriamanitra, mametraka ny sariny ao amin'ny gazety, manana fetin'ny beatnik iray momba ny zavatra iray ao amin'ny fiangonana. Raha fantatr'i John Wesley izany, dia hiverina ao anatin'ny fasany izy. Nahoana? Nandà an'ilay Kristy izay fantatr'i John Wesley izy ireo, marina, ary nanaiky beatnik iray. Nahazo fivavahana beatnik iray izy ireo. Nahazo zanaka beatnik izy ireo, papa beatnik, mama beatnik, Filoha beatnik, ary mitohy sy mitohy fotsiny, ary noho izany dia manohy mandeha fotsiny. Oh, fahafaham-baraka iray toy ny inona! Nahoana? Nolavin'izy ireo ilay tena izy.

94 Nilaza Andriamanitra fa Hatolony ho amin'ny fahaverezan-kevitra mahery izy ireo, mba hino ny lainga ary ho voaheloka

amin'izany. Nilaza Andriamanitra fa hanao an'izany ilay izy. Lavinareo ny marina, tsy maintsy mandray an'ilay diso ianareo. Tsy misy làlana hafa. Lavinareo ny handeha any ankavanana, tsy maintsy mandeha any ankavia ianareo, mandeha amin'ny làlana hafa iray afa-tsy ny ankavanana. Noho izany, tsy afaka mandeha amin'ny tsara sy ratsy amin'ny fotoana iray ihany ianareo. Rehefa lavin'izy ireo ny Fanahy Masina, lavin'izy ireo Kristy, lavin'izy ireo ny fandaharan'Andriamanitra, lavin'izy ireo ilay iraka, lavin'izy ireo ny zavatra rehetra. Koa, noho izany, dia tavela ao amin'ny fahotany izy ireo. Tsy misy na inona na inona tavela afa-tsy ny fitsarana. Rahalahy Ben, marina izany. Izao fotsiny, marina tokoa izany, izy ireo dia— nandà an'i Kristy izy ireo. Nandà ny Fandaharany izy ireo. Nandà Ny Fanahiny izy ireo. Niezaka Izy, nandritry ny dimampolo taona, izay nilatsahan'ny Fanahy Masina teto Amerika. Nandà an'Izany izy ireo, nandritry ny dimampolo taona. Ary izao hariva izao dia mainty kokoa sy maizina kokoa noho ny hany naha-izy azy izany.

95 Ary na dia teo amin'ireo izay nilatsahan'Izany aza, tany amin'ny voalohany, dia nandrafitra an'izany ireo zanany ary nanao an'izany ho anaram-piangonana, ary nanodina an'izany ho rafi-pandaminana, hany ka mandà an'ilay tena Andriamanitra izay noraisin'ireo razany izy ireo. Amena. Avy eo, dia mihambo fa izy ireo dia "pentekotista." Oh, tsia. Tsy manao kisoavavy iray ho soavaly iray izany, hipetraka ao anatin'ny sompitra iray. Tsia, tokoa. Tsy mihoatra noho ny fanaovana Kristiana avy amin'ny lehilahy iray mikambana amin'ny fiangonana Pentekotista iray izany, Batista, Presbyterana, zavatra hafa. Mbola mpanota iray foana izy mandra-piovany fo. Ary rehefa miova fo izy, dia nateraka indray, ny Fanahin'Andriamanitra, ary novaina. Ary nanaiky an'i Kristy izy, ary niditra ny Fanahy Masina ka nanao azy ho olom-baovao iray, zava-boahary vaovao iray.

96 Noho izany, nolavin'izy ireo Izany tamin'izany. Lavin'izy ireo Izany ankehitriny. Nahongany ny latabatry ny volan'izy ireo. Nahongany ny komitin'ny mpitantan-draharahan'izy ireo, ny—ny komitin'ny pasiteran'izy ireo. Izy ireo—tsy nila izy ireo, Izy dia . . . Hahazo komity iray izy ireo, mety tsara. Oh, fahasamihafana iray toy ny inona no hisy raha tonga ao amin'ireo fiangonana Izy androany, saingy tsy afaka miditra Izy.

97 Hitantsika Izy, indray hariva, tao amin'ity taom-piangonana ity, noroahin'ny Fiangonany Manokana; mitsangana eo ambaravarana, mandondòna, miezaka ny hiditra indray. Ray mpamindra fo iray! Rehefa avy noroahina, avy tamin'ny Olony Manokana, miezaka ny hiverina ao amin'ny Fiangonany indray! Hoy Izy hoe, "Izaho no ilay Anankiray izay mandeha eo afovoan'ireo Fanaovan-jiro Volamena Fito." Ary tamin'ilay taom-piangonana farany, indro Izy, tany ivelany. Noroahin'izy ireo Izy. Aiza? Amin'ity taonan'i Laodikia ity. Mitsangana

indray, miezaka ny hiditra indray, eo amin'ny Varavarany Manokana, hankao amin'ny Fiangonany Manokana. Zavatra iray mampalahelo toy ny inona! Izany no iray amin'ireo sary mampalahelo indrindra izay lokoin'ny Baiboly, dia io toko faha-2-n'ny Apokalypsy io, ny faha-3, raha ny marina, ahoana fa izany dia hoe, noroahina Kristy!

98 Misy zavatra iray hafa mampalahelo. Heveriko fa iray amin'ireo Teny mampalahelo indrindra izay hany nolazain'i Jesosy, dia rehefa nilaza Izy hoe, "Ray, manamasina ny Tenako Aho, mba ahafahan'izy ireo ho nohamasinina." Amin'ny teny hafa, dia nanana zò iray Izy. Olona iray Izy. Nanana zò hanana tokantrano iray Izy. Nanana zò hanana fianakaviana iray Izy. Olona Izy, olona tahaka anareo mihitsy, na izaho, olombelona mihitsy amin'ny maha-olona Azy tahaka antsika. Nanana zò tamin'izany Izy. Fa nanofana lehilahy roa ambin'ny folo Izy izay hitondra ny Filazantsara hankany amin'izao tontolo rehetra izao, noho izany dia nanamasina ny Tenany nohon'ny amin'izy ireo Izy. "Manamasina ny Tenako Aho, nohon'ny amin'izy ireo." Fanomezan'Andriamanitra iray, mitahiry ny Tenany ho masina.

99 Oh, ireo fanomezan'Andriamanitra, ianareo olona izay milaza fa nandray Ny Fanahiny ianareo, tehirizo ho nohamasinina ny tenanareo. Eny. Alaviro ny zavatr'izao tontolo izao, aoka ho nohamasinina. Oh!

100 Iza no nahafantatra hoe inona no tao anatin'ity Fonosam-Panomezana ity? Efa nisy olona mba nahita an'izay tao anatin'Izany ve? Tena faly aho fa nisy. Iza no nahafantatra an'Izany? Zavatra iray nafenina Izany, Vato iray nolavina, saingy nisy olona nahita an'izay tao anatin'Izany. Tena faly aho.

101 Tiako ny mikaroka zavatra, ary ianareo? Tiako ny mangady poti-bolamena sy manadio azy ireny, mahita hoe inona—inona no ao anatin'izy ireny, mametraka an'izany eo anoloan'ny Geiger.

102 Izy dia napetraka teo anoloan'ny Geiger, ihany koa, teo Kalvary. Zato isan-jato Izy. Azo antoka. Izy no Volamena lehibe indrindra izay hany hitan'izy ireo, ilay Diamondra lafo indrindra hany nisy—hany. Ny—hoy ny Baiboly hoe, "Ny Fanjakan'ny Lanitra dia tahaka ny lehilahy iray izay mividy diamondra. Ary rehefa nahita an'io Anankiray lehibe io izy, dia namidiny ireo hafany rehetra, ary mba homena ho an'Izany fotsiny, mba hividianana an'Izany." Izy no Diamondra misy carat lehibe indrindra izay hany nivoaka avy tamin'ny vovoky ny tany, ilay Volamena lehibe indrindra izay hany nentina avy tamin'ny loto. Firavaka iray Izy, ilay Firavaky ny Lanitra, Diamondra goavana iray.

103 Rehefa hita ny diamondra goavana iray tany Afrika Atsimo. Izaho efa nandalo tao amin'ilay—ilay toeram-pitrandrahana diamondra goavana ao Kimberly. Ary alainy ireo diamondra ireo, ary avy eo rehefa avoakany avy ao amin'ny vovoka izy

ireo, tsy voamboatra, avy eo dia silahany izy ireo. Ary ny antony anasilahany azy ireo, andidiany azy ireo, dia mba hampitaratra hazavana. Mamoaka hazavana avy amin'izany, ny carat-n'izany, maneho hoe carat inona no ao anatin'io diamondra io. Raha tsy manana afo betsaka sy famirapiratana izy, dia tsy tena diamondra loatra, fa rehefa manana izy...fitaratra izany; fa rehefa tena diamondra iray izy, tena diamondra misy carat, dia hampitaratra sy haneho loko samihafa.

104 Izany no naha-izy Azy. Diamondra iray Izy. "Ary Izy dia voalefona nohon'ny fahadisoantsika. Izy dia notorotoroina nohon'ny helotsika. Ny famaizana ho an'ny fiadanantsika dia teo Aminy, ary ireo Dian-kapony no nahasitranana antsika." Oh, ireo tara-pitiavan'Andriamanitra sy ny Hazavana dia mampitaratra avy Aminy: Hery manasitrana, fitiavana, fitsanganana. Andriamanitra no nandratra Azy, sy nanorotoro Azy, sy nanapaka Azy, ary nandidy Azy, tamin'ny sabatra Romana sy ny—sy ny—ny karavasy Romana, hany ka rovitra ireo Lanivoany. Ary nivoaka avy tao amin'ny Lamosiny ny Rà, ary teo ambonin'ny Lohany, ary nidina teo amin'ny Volombavany, ary nilatsaka teo amin'ny Tongony. Oh! Inona no Nataony? Nampitaratra fitiavana Izy. Namihina ny hazo fijaliana! Ho solon'ny ondana malefaka, misy volom-borona; fihinanam-bilona misy mololo. Raha tokony ho akanjo kely, mavokely iray no anaovana; lamban-jaza iray.

105 Oh, rahalahy, afaka mahita ve ianareo hoe inona ireo halalin'ny fitiavana? Niresaka aho, tamin'ny olona sasany tany an-tranoko, indray hariva. Tsy misy olona hany afaka hahatakatra hoe lalina toy ny ahoana ny fitiavan'Andriamanitra. Izany, "Oh, ny fitiavan'Andriamanitra, manan-karena toy ny ahoana, madio toy ny ahoana!" Io andininy farany io, na, ny andininy voalohany, mino aho fa izay ilay izy, dia hita teo amin'ny rindrin'ny trano fitsaboana adala iray:

> ...miaraka, fenointsika ranomainty ny ranomasimbe,
> Ka lasa horonan-taratasy ireo lanitra;
> Ny taho rehetra eto an-tany ho penina,
> Ary ny olona rehetra ho mpanora-dalàna amin'ny asany;
> Ny hanoratra ny fitiavan'Andriamanitra any Ambony
> Dia handritra ny ranomasimbe ho maina;
> Sa afaka ho antonona ny manontolo ve ilay horonana,
> Na dia nitarina avy amin'ny lanitra mankany amin'ny lanitra aza?

106 Eritrereto ireo taho izay efa nisy teto ambonin'ny tany, hanaovana penina. Ary ny olona an-davitrisany, mpanoratra amin'ny asa. Ny manoratra litera kely dimy, l-o-v-e, litera

kely efatra no tiako lazaina, "love," ny fitiavan'Andriamanitra, dia handritra ny ranomasimbe ho maina. Nefa, ny efatra ampahadimin'ny tany dia ao anaty rano. Ary nitsangana aho tany, Mount Palomar, ary nijery teo amin'io fitaratra io, afaka mahita habakabaka roapolo amby zato tapitrisa taona hazavana aho. Sa afaka ho antonona ny manontolo ve ilay horonana, na dia nitarina avy amin'ny lanitra mankany amin'ny lanitra aza?

107 Ny fitiavan'Andriamanitra. Ahoana no nampisehoan'Andriamanitra ny Tenany, ary tonga, Fonosana Krismasy iray, napetraka teo ambonin'ny mololo. Ny zavatra voalohany izay Nananany, izay tsy maintsy nametrahany ny Lohany kely, dia mololo, ary silaka lamban-jaza maloto iray no narakotra nanodidina Azy. Ny zavatra farany Nananany dia satroboninahitra tsilo iray, niaraka tamin'ny vorodamba maloto iray narakotra teo amin'ny Masony; ka voakapoka teo amin'ny loha, nanao hoe, "Raha mpaminany iray Ianao, dia teneno aminay hoe iza no nikapoka Anao," ary avy eo nofantsihana teo amin'ny hazo fijaliana iray. Fitiavana, mitosaka! Rehefa nitaky Ny Ràny ireo Zanany Manokana, dia nihiakiaka Izy hoe, "Ray, mamelà azy ireo, tsy fantany akory aza izay ataony." Fitiavana izany.

108 Tsy mila an'Izany ny fiangonana. Mila fanekem-pinoana izy ireo. Isika mila fitiavana. Eo am-pahafatesana ny fiangonana, amin'ny alàlan'ireo fanekem-pinoana. Amin'ny alàlan'ny fitiavana ihany no ahafahany ho velona, satria ny fitiavana dia Fiainana Mandrakizay. Ny fitiavana mandresy ny zavatra rehetra. Ny fitiavana no hery matanjaka indrindra izay misy. Tsia, tsy nilain'izy ireo Izy, satria fantatr'izy ireo izay tao anatin'ilay Fanomezana.

109 Fa ny sasany tamin'izy ireo dia nanana an'Izany voambara taminy, inona—inona io Fanomezana io, inona no tao anatin'Izany. Ny sasany tamin'izy ireo dia nijery ny tao anatin'Izany. Mino aho, fa ireo voalohany nijery ny tao anatin'io Fonosana Krismasy io, fantatrareo ve hoe iza izany? Mino aho, fa ireo Anjely izany. Ireo Anjely no nahafantatra an'Izany. Voambara tamin'izy ireo Izany. Fantatr'izy ireo Izany, satria nivoaka avy teo amin'ny sisin-kavoana izy ireo.

110 Angamba, nipetraka teo i Maria kely, reraka, feno vovoka. Nandalo ny zazalahy mpiandry ondry antitra mahantra iray, maimbo tahaka ny ondry, nahita an'io reny kely io nipetraka teo, tamin'io alina io, midika zavatra. Tahaka ny ahafahan'ny olona amin'izao andro izao mahita mihitsy fa misy zavatra vonona hitranga. Ireo fotoana goavana be, tsy fantatry ny olona hoe làlana iza no ihodinana. Angamba nandalo ny zazalahy mpiandry ondry antitra iray ka nahita an'io reny kely io. Nisy zavatra nandòna azy. Hoy izy hoe, "Manana rano mangatsiatsiaka aho eto ao anatin'ity tavoara ity. Te-hisotro

fotsiny ve ianao?" Ary nisaotra azy ilay fianakaviana kely, nandray an'ilay rano fisotro ilay ho-lasa-reny kely.

111 Angamba io no iray tamin'ireo mpiandry ondry kely nandry teo amin'io havoana io tamin'io alina io, rehefa tao amin'ilay tranon'omby teny ambany, izay nisy Zazakely iray nitomany. Oh, noho izany, izao tontolo izao, tsy nisy efitra ho Azy. Tsy nisy olona nila Azy. Fa tamin'io fotoana iray io ihany, mpiandry ondry iray teny amin'ny havoana, nidina ireo Anjely ary nanomboka nihira ny noely voalohany hoe, "Anio, ao antanànan'i Davida, no teraka ho anareo, Kristy ilay Mpamonjy." Voambara izany.

112 Izany no fomba tokana hany hahafantaran'ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao an'izay ao anatin'io Fonosana io. Tsy maintsy voambara aminareo izany. Holavinareo Izany, hilaza fa Izany dia—Izany dia fanatisma iray; fa rehefa azonareo ilay fanambarana, dia hitady an'Izany ianareo. Hisokatra ianareo. Ary hiditra Andriamanitra ka hisakafo miaraka aminareo, ary ianareo miaraka Aminy, rehefa vonona ny hanokatra ny varavarana ianareo, hamela Azy hiditra. Mandondòna eo amin'ny fonareo io Fonosana kely io, ilay Fanomezana Krismasy lehibe indrindra hany nomena, ilay Anankiray voalohany sy ilay Anankiray lehibe indrindra. Io Fonosana kely io, mandondòna eo amin'ny fon'ny olona, "Hiditra Aho ary hisakafo." Tsy ho fantatrareo mihitsy Izany raha tsy voambara aminareo Izany. Rehefa voambara aminareo Izany, amin'izay fotoana izay dia handeha hitady an'Izany ianareo.

113 Rehefa hitanareo fa Izany no Fiainana, ary ny fomba tokana ho an'ny Fiainana, rehefa hitanareo fa maina sy maty ny fiangonanareo, rehefa hitanareo fa ny—ny fandraisan-tànanareo amin'ny pasitera iray, na nofafazana tamin'ny fangaron-tsira iray ianareo, tsy misy idiran'io amin'Izany, amin'izay fotoana izay dia handeha hikaroka ianareo.

114 Rehefa mandry eo am-pandriana ianareo, eo ampahafatesana, ka hoy ny dokotera, "Tsy misy na inona na inona tavela ho anao. Ho faty ianao afaka minitra vitsy." Tehijery ny ao anatin'io Fonosana io ianareo amin'izay fotoana izay. Mijere ao anatin'Izany, izao hariva izao, satria ho esorina aminareo Izany avy eo. Hoy ny Baiboly hoe, "Raha lavinareo Aho amin'ny andro fahasalamanareo, tahaka anareo ankehitriny; rehefa tonga ny loza, dia hihomehy anareo fotsiny Aho." Noho izany dia tsaratsara kokoa aminareo ny mikaroka an'ilay Fonosana izao hariva izao.

115 Inona ny amin'Ity rehetra ity? Hazavana, Hazavana masina avy any An-danitra, manana sary nalaina, famantarana lehibe, fahafantarana, hery, fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, fandikana, miteny an'ireo zavatra izay ho avy, ny herin'ny Filazantsara, manasitrana ny marary, manaisotra

an'ireo homamiadana sy manasitrana azy ireny, ireo maso jamba misokatra, ireo karazan-javatra rehetra ireo. Inona ny amin'Izany rehetra izany?

116 "Nahoana, andiana holy-rollers izany." Mitandrema! Io lamban-jaza io, mety ho izany ilay izy.

117 Toy izany koa i Balama. Ahoana no niheverany fa tsy hanozona vahoaka iray tahaka an'i Israely Andriamanitra? Fa diso tamin'ny fahitana izy. Nijery an'ilay lamban-jaza izy, raha tokony ho nahita an'ilay Vatolampy nokapohina sy ilay Menarana Varahina izay nandeha teo alohan'izy ireo, mba hanao fanaovam-panavotana iray.

118 Toy izany koa ilay izy amin'izao andro izao, raha tokony hahita ny Herin'ny Fanahy Masina manao an'ireo Famantaran'ny Mesiany, ary ireo fahagagana eo anivon'ny olona, araka ny Nampanantenainy fa Hataony amin'ny andro farany. Araka ny Nolazainy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, dia ho tahaka an'izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona," rehefa nanomboka manao an'ireo famantarana sy fahagagana eo amin'ny olona Izy, maneho ny Tenany ho velona. Inona Izany? Eo anivon'ny mahantra sy manetry tena, ireo olona mahantra.

Izy ireo dia hiantso an'Izany hoe "fanatisma," handroaka an'Izany. Tsaratsara kokoa ny mikaroka alohan'ny hahalasa azy lavitra loatra aminareo. Eny.

119 Ireo mpiandry ondry maimbo ireo, zara ny olona raha tehanana azy ireo teo amin'ny manodidina. Nandry teo izy ireo dia natory niaraka tamin'ireo ondry ireo, ary teo ambonin'ireo palety iray ihany izay natorian'izy ireo, ary amin'ilay tany iray ihany, raha ny marina, ary—ary nikarakara azy hany ka, izy ireo, afaka nanimbolo azy ireo tahaka ny ondry tonga mihitsy ianareo.

120 Ny olona rehetra dia mahafantatra fa ny mpiandry ondry iray izay miandry ondry, dia mandry eo am-baravarana mihitsy miaraka amin'ny ondry, mandry eo anivon'izy ireo mihitsy. Hoy Jesosy hoe, "Izaho no varavaran'ny valan'ondry." Nanontany aho mazàna hoe ahoana izany, mandra-pahatongako tany amin'ny Tany Masina . . . na tany Atsinanana, raha ny marina. Ary hitako hoe ahoana no ametrahan'ilay mpiandry ondry ny ondry tao anatiny, avy eo dia mandry, eo amin'ny varavarana. Tsy afaka mivoaka ny ondry raha tsy miampita azy. Tsy afaka miditra ny amboadia raha tsy miampita azy. Izy no varavarana.

121 Faly aho fa nandry teo am-baravaran'ny fontsika Jesosy. Tsy afaka mivoaka isika, na manao na inona na inona, raha tsy Fantany izany, na tsy misy na inona na inona afaka miditra raha tsy Fantany izany. Noho izany dia Izy no hanao ny zavatra rehetra hiara-miasa hahasoa an'ireo izay tia Azy. Tokony hanao antsika hiantsoantso sy hihiakiaka, ary hidera an'Andriamanitra izany, ka hanao hoe, "Misaotra an'Andriamanitra nohon'ny Mpamonjy, ny—ny—ny Mpiandry ondry iray izay handry eo

am-baravaran'ny fonay, ary mampitandrina anay rehefa misy zavatra mipoitra, ho vonona ho an'izany." Eny.

122 Tany ampitan'ilay firenena dia nisy lehilahy manetry tena, hendry. Nantsoina hoe Magy izy ireo, "mpandinika kintana." Rehefa tany Atsinanana aho, vao tsy ela akory izay, dia mbola mipetraka amin'ilay fomba iray ihany foana izy ireo. Izy ireo dia karazan'olona, tena mahantra. Mandeha tsitelotelo izy ireo. Mipetraka eo amin'ny làlambe mihitsy izy ireo. Izaho sy Billy, tany Inde. Tany no nihavian'izy ireo, Inde. Ankehitriny, hoy izy ireo, "Nahita Ny Kintany tany Atsinanana izahay." Tany Atsinanana izy ireo rehefa nahita an'ilay Kintana. Jerosalema no andrefana, noho izany i Palestina dia tany andrefan'i—i Inde. Noho izany dia nahita Ny Kintany izy ireo raha mbola tany Atsinanana, ka tonga hiankohoka Aminy.

123 Ankehitriny, ireto Magy ireto, tsy nipetraka nitalapetraka mihitsy izy ireo. Mitingitingina fotsiny izy ireo. Ary nipetraka teo izy ireo nandritra ny andro manontolo. Amin'ny alina, dia manana tilikambo goavana iray izy ireo. Miakatra ao izy ireo ary mijanona ao amin'io tilikambo io. Mandrehitra afo izy ireo, ary miresaka mikasika an'ireo firenena, ny fianjeran'ireo fanjakana, ary ny—ary ny fihenan'ireo fanjakana. Ary izy ireo—manompo Andriamanitra marina anankiray izy ireo. Marina izany. Izy ireo dia—mpino izy ireo. Mohametana izy ireo. Raha ny marina, izany dia nipoitra avy tamin'ny Mediana-sy-Persiana, tany aoriana tamin'ny andron'i Daniela. Ary izy ireo no . . .

124 Ary nilaza i Petera, ao amin'ny Asa 10:35, fa izy dia "nahita fa tsy mizaha tavan'olona na firenena Andriamanitra, fa Izy . . . ao amin'ny firenena tsirairay izay natahotra Azy," ary ny olona rehetra izay hatahotra an'Andriamanitra. Jereo ireo Magy eo ireo, nahita ny Fanomezana Kintana an'Andriamanitra, ary nahafantatra an'Izany talohan'ireo mpisorona tao an-tempoly tao Jerosalema, teo anivon'ny olona mpivavaka. Eny, tompoko. Amena.

125 Ny Magy, toa hitako izy ireo mipetraka manodidina an'io afo masina io, indray alina. (Mbola manana fotoana kely ve isika? Hia.) Mipetraka nanodidina an'io afo masina io, niresaka, avy eo dia mitsangana izy ireo. Oh, nandinika an'ireo vatan-danitra izy ireo. Fantatr'izy ireo tsara izy rehetra ireo. Ny hetsika tsirairay, fantatr'izy ireo ny mikasika an'izany. Noho izany indray alina, raha mbola nipetraka teo izy ireo, angamba nihira hira fiderana, ary niakatra teo amin'io zavatra lehibe io izy ireo, ary nianatra. Fantatr'izy ireo ny kintana tsirairay, izay ijanonany. Nahafantatra azy tamin'ny anarany, satria nianatra an'ireo vatan-danitra izy ireo. Ary tsy mahagaga fa Vahiny iray teo anivon'io vatan-danitra io no nanaitra azy ireo. "Eny," nanontany izy ireo hoe, "inona io Namana vaovao eo ambony eo io?" Oh, oadray! "Misy zavatra vaovao izay mitranga, ivelan'ny

voajanahary Izany." Izany, inona no nantsoin'izany? Miverina amin'ny Soratra.

126 Ankehitriny, fantatr'izy ireo ny Soratra, satria i Daniela no sefon'izy ireo. Fantatrareo izany; ny toko faha-2-n'ny Daniela, dia miteny amintsika fa izy no natao sefon'izy ireo, noho izany dia izy no nampianatra azy ireo. Tsy isalasalana fa, indray alina, dia nipetraka teo izy ireo, namaky ny Soratra, mikasika ny hoe, "Ary Daniela nilaza fa izy 'dia nandinika an'ireo fanjakana rehetra ireo,' mandra-pahalasan'izy ireo tamin'izay nisy azy ireo tamin'ny farany, ny tsirairay, ny Mediana-sy-Persiana ary mitohy midina mandra-pahatongany ao Roma. Ary avy eo tamin'ny farany izy 'dia nahita Vato nendahina avy tamin'ny tendrombohitra, tsy nisy tànana.'" Ary hoy izy ireo hoe, "Tsy maintsy ho izany ilay fotoana." Noho izany dia tsaroan'izy ireo ny famerenana ny tany aoriana tany, talohan'io fotoana io, tamin'ny andron'ny dian'i—i Isiraely, rehefa nandroso izy ireo ka nandre an'i Balama nilaza, rehefa hitany ny Isiraely, dia hoy izy hoe, "Hisy Kintana iray hivoaka avy amin'i Jakoba." Amena. Tsy maintsy ho efa izany ilay fotoana, izay nieritreretan'izy ireo mikasika an'ireo zavatra ireo, izay nisehoan'ilay Mpitsidika vaovao.

127 Mazàna dia rehefa mihazona ny sainareo eo amin'i Kristy ianareo no manatona anareo Izy. Mazàna ilay izy—matetika dia amin'ny fotoana izay ieritreretanareo Azy, no miseho Izy. Fantatrareo, rehefa mieritreritra ny hahitsy tsara ianareo, hanao zavatra tsara, dia amin'izay Izy no manatona anareo, mba hanampy anareo.

128 Ary tsy maintsy ho tamin'io fotoana io, ary izy ireo—tsy maintsy niandrandra izy ireo ka nahita an'io Mpitsidika vaovao io. Manomboka mitarika azy ireo mankany Andrefana Izany. Haingana mihitsy no nanombohan'izy ireo nandeha niankandrefana, nizotra niampita ny renirano Tigrisy, nidina nandalo an'ireo tany efitra, nitety an'ireo tendrombohitra, nidina nandalo an'ireo fotaka mandrevo, oh, oadray, manohy, manohy. Fantatr'izy ireo fa nisy zavatra nitranga, nisy zavatra ivelan'ny voajanahary iray niseho.

129 Ary tonga taiza izy ireo? Hoy izy ireo hoe, "Azo antoka tokoa, raha izao no faminanian'i Daniela, dia ilay tanàna lehibe an'i Jerosalema io, ny renivohitry ny olona mpivavaka an'io firenena io dia ho vonona handray ny Mpanjakany daholo. Ho fantatr'izy ireo hoe inona ny amin'izany rehetra izany, rehefa tonga any isika. Tsy mahazo isika, ny tenantsika, na izany aza. Magy fotsiny isika, olona mahantra, manetry tena. Saingy, niandry zavatra isika, ary mahita zavatra mipoitra eo anivontsika, izay ivelan'ny voajanahary kely iray." Oh, oadray! Efa vonona izy ireo. Haleloia! Lasa izy ireo, lehilahy manetry tena, mba hahita an'ilay Kintana-Irak'Andriamanitra. Nandeha nanaraka an'ilay

Kintana-Irak'Andriamanitra izy ireo mandra-pahatongany teo amin'ilay Hazavana tanteraka. Oh!

130 Apokalypsy, 20, Apokalypsy 1:20, dia nilaza fa, "ireo Kintan'ireo fiangonana ireo." Ny tokony hataontsika amin'izao andro izao dia ny mahita an'io Hazavana Kintana io, amena, izany no mampitaratra Ny Voninahiny. Izany no mampitaratra Ny Heriny. Izany no mampitaratra ny maha-Andriamanitra Azy. Ary manaraka an'izany mandra-pahitantsika an'io Hazavana tanteraka io. "Manohiza mitarika miankandrefana, mandrosoa foana. Tariho làlana hatrany amin'io Hazavana tanteraka io izahay." Oh, manohy mandeha fotsiny, tsy mampaninona izay vidiny; eny an-tendrombohitra, midina mitety an'ireo ati-ala, any an-kafa hatraiza hatraiza.

131 Ary farany dia tonga tao Jerosalema izy ireo. Ary vantany vao tonga tao amin'io fiangonana ara-anaram-piangonana goavana be io izy ireo, dia nandao azy ireo ilay Kintana. Hafahafa. Nieritreritra izy ireo hoe, "Tsy maintsy eto ilay Izy." Noho izany, nandroso-sy-niverina teo amin'ireo tanàna, nandeha izy ireo, nihira, nikiakiaka, teny amin'ny làlankely rehetra, nidina nanerana an'ireo làlambe. "Aiza Izy, Izy izay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy? Nahita Ny Kintany tany Atsinanana izahay, ary tonga hanompo Azy. Aiza Izy?"

132 Hafahafa, tsy nanana ny valiny izy ireo, tao amin'ny faribolan'izy ireo manokana. Oh, oadray! Saika afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho ankehitriny. Tsy nanana ny valiny izy ireo. Tsy nanana ny valiny izy ireo tamin'izany. Tsy manana an'izany izy ireo ankehitriny. Tsy mahafantatra izy ireo. Tsy nahita an'i Jesosy tao amin'ny faribolan'ny fivavahany ireo olon-kendry. Hitany tany ivelan'ny faribolan'ny fivavahan'izy ireo Izany. Ary ireo olon-kendry amin'izao andro izao, ireo hendry am-po, dia tsy mahita an'Izany ao amin'ireto anaram-piangonana goavana ireto. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany izy ireo. Tsy manana ny valiny izy ireo. "Inona daholo io fanasitranana avy amin'Andriamanitra io, izay miseho?" hoy izy ireo. "Inona ny amin'izany rehetra izany, ireo fiteny, sy ireo fandikana, ary ireo faminaniana, sy *ity*, ny... ireo famantaran'ny Mesia? Oh, fahadalana Izany. Tsy misy na inona na inona amin'Izany. Aza...Tsy misy na inona na inona amin'Izany." Hitanareo? Tsy manana ny valiny izy ireo. Tsy nanana an'izany izy ireo tamin'izany. Tsy manana an'izany izy ireo ankehitriny.

133 Saingy tena nanao zavatra anankiray Izany, nanao azy ireo hikaroka Izany. Heveriko fa ny Rahalahintsika duPlessis dia somary efa namoaka an'izany izao ankehitriny izao.

134 Niverina izy ireo. Niverina ireo virijiny natory mba hividy Solika. Fa tamin'izany Izy no tonga, raha mbola lasa nitady an'Izany izy ireo. Noho izany dia akaiky toy ny ahoana isika

ankehitriny, rehefa mahita an'ireto fiangonana lehibe ireto miverina isika, manao hoe, "Eny, angamba efa nandao zavatra iray isika. Tsaratsara kokoa amintsika ny mahita an'Izany"? Tsy hahazo an'Izany mihitsy izy ireo. Tsarovy fotsiny izany. Tsy hahazo mihitsy, mihitsy an'Izany izy ireo. Maty izy ireo. Ary maty izy ireo, ary maty, dia izay ihany. Tsy ho tonga amin'ny Fiainana mihitsy izy ireo. Tsarovy fotsiny, miteny amin'ny Anaran'ny Tompo aho. Ary eo amin'ny horonam-peo Ity. Eny, tompoko. Tsy ho tonga mihitsy, mihitsy amin'ny Fiainana izy ireo. Vita ny amin'izy ireo. Koa izany no antony tsy mahaliana ahy amin'ireo fandaharana ireo. Liana amin'ny zavatra anankiray aho, manapoaka mafy fotsiny arak'izay vitako, ho an'ny "na iza na iza maniry." Tsy manangana anaram-piangonana iray, fa mamerina an'i Jesosy Kristy. Eny, tompoko. Tsy ao anatin'ny anaram-piangonana iray mihitsy! Manohitra an'Andriamanitra izany; efa izany foana, ho izany foana; mamatotra an'Andriamanitra any ivelany, mandà ny zavatra rehetra izay masina. Izany dia, tsy ho tonga amin'ny Fiainana mihitsy. Noho izany, tsy hafa ity Krismasy ity, ilay Krismasy voalohany izy. Ilay zavatra iray ihany izy. Ireo Magy ireo nandeha nandroso-sy-niverina teo amin'ny tanàna, "Aiza Izy? Aiza Izy?" Oh, oadray!

135 Mamelà ahy hijanona kely eto fotsiny mandritry ny iray minitra. Manana horonan-tsary iray aho. Tsy ananako eto ilay izy ankehitriny. Dokotera iray no naka azy, Dokotera Dilly, do—do—dokotera vehivavy iray izay sitrana tao amin'ny fivoriako. Ary manana an'ilay horonam-peo izy ankehitriny, antsoina hoe *Misasak'alina Latsaka Telo Minitra,* ary rehefa nanana an'ireo Jiosy tonga ao amin'ny fireneny any isika ankehitriny, izao ankehitriny izao any Palestina, izay notenenin'ny Tompo, hoe hanao an'izany izy ireo. Alohan'Ny Fihaviany faharoa, dia hanao an'izany izy ireo.

136 Rahalahy iray eto, indray andro, nandeha nankany Isiraely, nametraka an'ilay fanontaniana hoe, "Afaka mandeha any ve aho?" Ary nandà azy izy ireo. Ho tonga amin'ny maha-firenena i Isiraely, fa tsy isam-batan'olona. "Hisy firenena hateraka." Ho tonga amin'ny maha-firenena iray izy.

137 Fa, jereo, ireo Jiosy mahantra tany Iran sy toerana samihafa ireo. Namaky an'izany tao amin'ny magazina *Life* ianareo. Tsy te-handeha teo ambonin'ireo fiaramanidina ireo izy ireo. Tsy mbola nahita anankiray mihitsy izy ireo. Niasa tany tamin'ny angady hazo tranainy sy ny sisa izy ireo. Hoy izy ireo . . . Nahoana, nandroso teo ilay raby, ary nanao hoe, "Andraso iray minitra. Tsy niteny tamintsika ve ny mpaminanintsika, hoe, rehefa hiverina any an-tanindrazantsika isika, dia handeha 'eo ambonin'ny elatry ny voromahery'?" Oh, oadray! Oh! Ary tonga izy ireo ka niditra tao anatin'ny fiaramanidina TWA, niainga.

138 Tsy fantatr'ilay mpaminany fa niverina tamin'ny alàlan'ny

motera izy ireo. Tahaka ny voromahery goavana fotsiny izy ireo, ary nandeha teny amin'ny habakabaka tahaka ny voromahery iray izy ireo, noho izany dia hoy ny mpaminany hoe, "Rehefa miverina ianareo . . ." Dimanjato sy roa arivo taona lasa izany. O Andriamanitra! Dimanjato sy roa arivo taona lasa izany, rehefa nentin'ny Romana ho babo izy ireo, ka niparitaka tany amin'ireo rivotry ny tany. Hoy Izy hoe, "Izy ireo dia . . . Tsy hanadino azy ireo Aho. Haveriko indray izy ireo. Fa hanajamba ny mason'izy ireo Aho, mba, ireo Jentilisa, Ahafahako maka vahoaka iray hiala avy ao, nohon'Ny Anarako, hametraka Ny Anarako eo amin'izy ireo. Rehefa tapitra izany andro izany, dia Hangoniko indray izy ireo. Ary rehefa miverina any an-tranony izy ireo, dia ho tonga eo ambonin'ireo karazan-javatra ireo." Ary nahita azy ireo nitsangana i Isaia, niampita. Hoy izy hoe, "Eo ambonin'ny elatry ny voromahery."

139 Nitsangana teo io raby antitra io, ka nanao hoe, "Nilaza ny mpaminanintsika fa handeha hody isika, amin'ny andro farany, 'eo ambonin'ny elatry ny voromahery.'" Niakatra tao anatiny izy ireo.

140 Ary rehefa nidina izy ireo tany, nitondra an'ireo antitra, jamba sy kilemaina, teo ambonin'ny sorok'izy ireo, nampidina azy ireo, dia nanana fifampiresahana iray tamin'izy ireo. Manana an'izany eo amin'ny horonam-peo mihitsy aho. Hoy izy, "Tonga ao an-trano ve ianareo, ao an-tanindrazana, ho faty eto an-tanindrazana?"

Hoy izy, "Tsia. Tonga izahay mba hahita ny Mesia."

141 Oh, rahalahy, inona no olana? Ary tsy manana ny valiny ny fiangonan'izy ireo. Inona no olana? Eo amin'ny andro farany isika, rahalahy, rehefa mamirapiratra ireo Hazavan'ny hariva, miverina ao amin'ilay Fiangonana indray ny Herin'ny Fanahy Masina, mitovy tahaka Azy tany amin'ny voalohany. Hoy ny mpaminany hoe, "Hisy Hazavana amin'ny andro hariva." Tsy fantatry ny fiangonana hoe nahoana izy ireo no miangona any. Tsy manana ny valiny izy ireo. Ny baomba atomika no manana ny valiny ho azy ireo, eo, na izany aza. Azo antoka fa manana. Fa amin'ny andro hariva isika, ora tara kokoa noho izay eritreretintsika. Azo antoka.

142 Ireto Magy ireto, nandroso-sy-niverina teny an-dàlambe, tsy nanana ny valiny izy ireo. "Inona no nitranga? Inona no nitranga?" Farany, dia hitantsika fa nanomboka nanaraka an'Io izy ireo. Rehefa tonga teo Izy, dia tsy nahita izy ireo—tsy afaka nahita valiny izy ireo tao an-tanàna, tao amin'ny fari-pivavahan'izy ireo. Tsia, tsy mahita koa izy ireo ankehitriny. Inona izy ireo? Jerosalema, tsy nahafantatra na inona na inona momba ny tsy—tsy misy famantarana ivelan'ny voajanahary.

"Karazana famantarana ivelan'ny voajanahary inona no resahanareo?"

143 "Oh, nahita Kintana iray izahay rehefa tany Atsinanana tany. Manaraka an'Izany izahay."

144 "Aiza no misy an'Izany? Tsy hitako Izany. Eny, tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany izahay." Nanatanteraka marina tokoa ny Soratra Izany.

145 Fa tsy nanana ny valiny izy ireo tao amin'ny faribolany ara-pivavahana. Tsy manana an'izany izy ireo androany. "Inona izany miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izany? Inona io andian'olona izay mitsangana io, manasitrana ny marary, sy manao an'ireo fahagagana rehetra sy ny sisa, ary mihiakiaka, miantsoantso, ary ireo karazan-javatra rehetra ireo?" Toa tahaka ny nataon'izy ireo tao amin'ny Baiboly tany aoriana tany. "Ah, fahadalana. Tsy misy na inona na inona amin'Izany."

146 Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika ny ivelan'ny voajanahary izy ireo. Nahoana? Indro fa tonga ilay izy. Tsy hanaraka an'ilay Kintan'ny Hazavana izy ireo, ny Kintana Hazavana, famantarana avaratra an'Andriamanitra mankany amin'io Hazavana tanteraka io. Oh! "Mitarika miankandrefana, mbola mandroso, tariho làlana mankany amin'io Hazavana tanteraka io izahay, O ry Kintan'i Betlehema." Nahita Ny Kintany isika teto Andrefana. Karazana Kintana inona fotsiny? Ny Kintan'ny Fiangonany, ny Fanahy Masina, mihetsika ao anatin'ny olombelona. Efa nahita Ny Kintany isika, ary tonga isika hanompo Azy. Amena. Izany ilay izy, lehilahy hendry, vehivavy hendry, manetry tena am-po. Efa nahita Ny Kintany isika, ary tonga isika hanompo Azy.

147 Oh, tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'ireo zavatra ivelan'ny voajanahary izy ireo. Tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'ireo Hazavana sy ny sisa izy ireo. Izy ireo, tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany izy ireo. Nanaitra azy ireo Izany. Azo antoka. Mitovy ilay izy amin'izao andro izao. Tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany izy ireo, na izany aza. Tsy nahafantatra ireo faribolana ara-pivavahana. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany koa izy ireo amin'izao andro izao.

Mariho. Tiako ity. Oh! Ity no mahafinaritra.

148 Raha—raha mbola tao anatin'ireo faritra ara-anaram-piangonana ireo foana izy ireo, dia tsy niseho tamin'izy ireo mihitsy ilay Kintana. Nivoaka Izany, teo amin'ireo vavahadin'i Jerosalema, ary nijanona tany ivelany. Rahalahy! Nijanona tany ivelany, raha mbola nandeha nitety an'ireo faritra ara-anaram-piangonana ireo foana izy ireo. "Aiza Izy? Azo antoka fa tokony hahafantatra zavatra mikasika an'Izany ianareo pasitera. Inona daholo ny amin'Izany, ianareo raby sy ianareo mpisorona? Ary ianareo, ianareo Metodista, Batista, Presbyterana, Katolika, ary ianareo fiangonana tranainy tahaka an'izany, azo antoka fa manana valiny iray ho an'Izany ianareo. Aiza Izy?" Oh, oadray!

Hitanareo? Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany izy ireo. Ary ireo izay tao anatiny tao, dia nitoetra tao anatin'ny aiziny mandra-pivoakan'izy ireo avy tao. Ary vantany vao nivoaka ny tanàna izy ireo, dia nitsangana teo indray ilay Kintana. Voninahitra!

149 "Mivoaha avy ao aminy, ry Oloko," hoy ny Tompo. "Mivoaha avy ao Babylona, fifanjevoana. Mivoaha avy ao amin'ny fanekem-pinoanareo sy ireo zavatra fanaonareo. Handray anareo Aho," hoy ny Tompo. "Aza mikasika an'ireo zava-malotony," ny fetiny beatnik ao am-piangonana, sy ny bunco, sy ny karazan-javatra hafa rehetra, ary ireo dihy.

150 Teto vao tsy ela akory izay, dia niantso ahy ny reniko, nanao hoe, "Bill, avia eto vetivety." Heveriko fa mipetraka ato am-piangonana izy, any ho any, izao hariva izao. Nandeha aho. Hoy aho hoe, "Inona no olana?" Niantso ahy izy ireo tany. Ary nisy fiangonana Metodista goavana iray teto Indiana, nanana fetin'ny rock-and-roll tao anatiny. Ary nifampiresaka tamin'ilay pasitera izy ireo. Hoy izy hoe, "Efa ela loatra no nanadinoan'ny fiangonana Metodista an'ilay zava-kanto tsara tarehy an'ny rock-and-roll." Azon'ny devoly! Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'Andriamanitra. Tsy mahafantatra betsaka mikasika an'Andriamanitra noho ny ahafantaran'ny Hottentot iray mikasika ny alina Egyptiana iray. Izy ireo fotsiny. . . tsy mihoatra noho ny ahafantaran'ny bitro iray mikasika an'ireo kiraron'oram-panala. Rehefa, tonga eo amin'ny toerana iray ianareo izay zavatra tokana ihany no fantatrareo, teolojia fotsiny, fanekem-pinoana iray nataon'olona.

151 Rehefa miditra ny Herin'ny Fanahy Masina, dia manaiky ny mpaminanin'Andriamanitra ianareo. Manaiky ny Fanomezan'Andriamanitra ianareo dia ny Fanahy Masina, ary jereo ny habetsahan'ny rock-and-roll azonareo ananana ao anatin'ny fiangonana iray. Miverena amin'ny Filazantsara izay notorian'i John Wesley, ka jereo hoe firy no anananareo ao anatin'izany. Niala lavitra tamin'ireo làla-masaka; miverena any amin'i John Smith, na ireo Batista, miverena any amin'i Martin Luther. Fa inona izany? Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika ny ivelan'ny voajanahary izy ireo amin'izao andro izao. Ary marina izany. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ny fiangonana Metodista.

152 Rehefa nitsangana teo i John, nitory ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, dia tonga ny sasany tamin'ny fiangonana ambony an'i Angletera ka naneso azy, namotsotra amboahaolo iray, ary andiana alika. Nanondro ny rantsan-tànany teo amin'ny tavany izy, ka nanao hoe, "Ny masoandro dia tsy hilentika ambonin'ny lohanao, intelo, mandra-piantsonao ahy hivavaka ho anao." Maty izy tamin'io hariva io, ary niantso an'i John ho tonga mba hivavaka ho azy.

153 Nahoana ny fiangonana Metodista no tsy mamerina an'Izany indray ao anatiny? Nahoana? Satria maty izy. Marina! Matahotra ny hijery ao anatin'io Fonosana io ianareo, satria hanambara ny fahotanareo Izany. Miantso anareo aho, ry Metodista, mba hijery ao anatin'ilay Fonosana indray. Miantso anareo aho, ry Batista, mba hijery an'ilay Fonosana indray. Ary ianareo, Presbyterana sy ny rehetra! Ianareo Pentekotista, Katolika sy ny rehetra, mitodiha mankany amin'ny Fanomezana Krismasin'Andriamanitra ankehitriny. Mitodiha any amin'ilay Fanomezana. Ario ilay boaty, ka raiso ilay Fanomezana. Ah-hah. Mialà amin'ny girilandin'i Santa Claus. Miverena amin'ny Fanomezan'Andriamanitra. Miverena amin'ny Fanahy Masina. Oh, fantatro fa hanambara zavatra betsaka Izany, saingy izany no ilainareo, fanadiovana, fikosehana. Fantatro fa tena sarotra izany, ry havana, saingy tsy maintsy manana an'Izany isika. Tenin'Andriamanitra izany. Eny, tompoko. Tsara ho anareo izany. Marina! Oh, eny!

154 Izy ireo, fantatr'izy ireo fa nisy zavatra tsy nety rehefa tonga tao amin'io tanàna io izy ireo, ary nanjavona ilay Hazavana. Vantany vao nikambana tao amin'io anaram-piangonana io izy ireo, dia nanjavona ilay Hazavana. "Inona no olana?" Nanomboka nikiakiaka izy ireo, "Aiza Izy? Aiza Izy? Azo antoka fa hahita Azy aho eto. Anaram-piangonana tranainy iray ity, efa teto hatramin'ny ela be. Izy no renivohitr'ireo anaram-piangonana, ny Tanànan'i Vatican. Eny, azo antoka, izaho tokony—tokony hahita Azy eto aho. Aiza Izy? Aiza Izy, ilay Kristy izay nanao hoe 'Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay'? Aiza Izy, ilay Anankiray izay nanao hoe, 'Hisy Hazavana amin'ny andro hariva'? Aiza Izy izay nanao hoe, 'Ny asa izay Ataoko, no hataonareo koa'? Aiza Izy? Aiza Izy?" Ary nijanona tany ivelany fotsiny ilay Hazavana. Rehefa nivoaka avy tamin'io zavatra io izy ireo, nandeha tany ivelan'ny tanàna, dia niseho indray ilay Hazavana.

> Hisy Hazavana amin'ny andro hariva,
> Ny làlan'ny Voninahitra dia azo antoka fa ho hitanao;
> Ao amin'io làlan'ny rano io, no misy ny Hazavana amin'izao andro izao,
> Nalevina tamin'ny Anarana sarobidin'i Jesosy.
> Tanora sy antitra, mibebaha amin'ny fahotanareo rehetra,
> Ny Fanahy Masina dia azo antoka fa hiditra;
> Tonga ireo Hazavan'ny hariva,
> Tena misy fa Andriamanitra sy Kristy dia Iray.

155 Eny, rahalahy. Eny, tompoko. Mibebaha amin'ny fahotanareo rehetra. Ny Fanahy Masina, Fanomezan'Andriamanitra, dia azo antoka fa hiditra. Eo am-baravarana Izy. [Mandondona tsy tapaka ny polipitra

Rahalahy Branham—Ed.] Manao hoe, "Avelao Aho hiditra. Raha avelanareo hiditra Aho, dia hisakafo miaraka aminareo Aho. Hambarako aminareo ireo zavatra ireo. Hasehoko anareo ilay ivelan'ny voajanahary. Hanasitrana ny aretinareo Aho. Izaho dia—hikarakara an'ireo zavatra rehetra ireo ho anareo Aho, raha hamela Ahy hiditra fotsiny ianareo."

156 Fonosan'ny Fanomezan'Andriamanitra, nofonosina ao amin'ny endrika, amin'izao andro izao, an'ny Fanahy Masina. Izany dia nofonosina, tamin'izany, ka nantsoina hoe ny Zanak'Andriamanitra. Nalaina fotsiny ny Fonosan'ny Fanomezan'Andriamanitra ka naverina nofonosina, indray, ary naverina. Amena. Nofonosina tao amin'ny Zanak'Andriamanitra Izany, tamin'izany. Nofonosina ao amin'ireo zanak'Andriamanitra Izany, amin'izao andro izao, antsoina hoe ilay Fiangonana. Marina izany. Fonosan'ny Fanomezan'Andriamanitra, nofonosina, ho an'ny olona. Ary nandà an'Izany izy ireo, amin'izao andro izao, tahaka ny nandàvan'izy ireo mihitsy tamin'izany. "Raha ny Tompon'ny trano no antsoin'izy ireo hoe, 'Belzeboba,' mpanao hatsarana, satria afaka namantatra an'ireo eritreritra Izy, tsy mihoatra noho izany ve no hataony aminareo? Izy ireo dia miantso ny Tompon'ny trano . . . " Oh, oadray! Ndao jerentsika.

157 Hia, ireo Magy, nandray an'Izany izy ireo. Nahantra sy nanetry tena izy ireo, ary nahita an'ilay Hazavana hafahafa.

158 Zavatra iray hafa tiako ahatongavana eto mihitsy. Ary rehefa nahita an'io Hazavana io izy ireo, dia faly mandrakariva! Hoy ny Baiboly hoe, "Nifaly tamin'ny hafaliana be izy ireo." Oh, heveriko fa nikiakiaka kely izy ireo, tsy mihevitra tahaka an'izany koa ve ianareo? Mihevitra tahaka an'izany fotsiny aho. Noho izany, rehefa hitan'izy ireo fa efa tena ela izy ireo no teo amin'io rafi-pandaminana tranainy teo io, niezaka ny hahita zavatra, tsy nisy na inona na inona tao, rehefa nivoaka ny vavahady izy ireo, dia nahita an'io Hazavan'ny Fanahy Masina io indray namirapiratra tany, ilay Kintan'ny Voninahitra nidina teo ambonin'izy ireo, dia tena faly izy ireo, nanana fifaliana be izy ireo.

159 Oh, inona no ataon'ilay olona rehefa tena faly tafahoatra izy? Inona no ataonareo amin'ny lalao baolina rehefa faly tafahoatra izy ireo? Oh, mihorakoraka ianareo hoe, "Horrah-horrah! Bimity-bam! Nahatafiditra baolina izy. Ha-ha! Ho-ho!" Hitanareo?

160 Ary rehefa ananareo ilay "fifaliana be," dia mihorakoraka hoe, "Voninahitra! Haleloia! Derao ny Tompo!" Marina izany, fifaliana be! "Io ilay Kintana. Tariho izahay! Oh, esory hiala amin'ireto rafi-pandaminana ireto izahay, ka tariho mankany amin'io Hazavana tanteraka io. Mitarika miankandrefana, mbola mandroso, tariho làlana mankany amin'Ny Hazavanao

tanteraka izahay." Manohiza mandeha fotsiny. Natao hitaridàlana mankany amin'ny Hazavana ilay Kintana. Farany, dia nijanona teo ambonin'ilay Zaza Izy.

161 Rehefa izy ireo . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Ary minitra vitsy fotsiny. Eny àry. Eny àry.

162 Nanambara ny Tenany tamin'ireo mpanjono mahantra Izy. Voambara Izy. Io Fonosana io, ny tao anatin'Izany, dia voambara tamin'ireo mpanjono mahantra, tamin'ireo tsy nianatra, tsy nampianarina. Nanambara ny Tenany tamin'ireo lehilahy izay tsy afaka nanoratra ny anarany manokana Izy. Tsy afaka ho diakona iray izy ireo, na—na zavatra hafa anatin'ny fiangonana iray. Tsy afaka ny ho izany izy ireo. Tena tsy nianatra izy ireo! Oh, oadray! Tena nahatsiravina izy ireo! Noho izany dia naneho ny Tenany tamin'izy ireo Izy, tamin'ireo tsy ilaina, ireo izay voaroaka. Naneho ny Tenany tamin'izy ireo Izy, amin'ireo tsy tiana. Azo tiavina Izy tamin'ireo tsy tiana. Tamin'ireo marary, nila fanasitranana izy ireo. Nanaiky ny hijery tao anatin'ilay Fonosana izy ireo, mba hahita hoe inona ny mikasika an'Izany. Nanambara ny Tenany tamin'izy ireo Izy. Ary tamin'ny noana, dia Nofahananany mofo sy trondro izy ireo. Oh, afaka mijanona isika, manana karazan-javatra betsaka voasoratra mikasika an'izany aho, saingy tsy maintsy dinganintsika izany. Hitanareo? Nanambara ny Tenany tamin'ireo olona rehetra ireo, ireo tsy azo tiavina. Nefa tsy nisy nila azy ireo, niantso azy ireo hoe "fanatika," naneho ny Tenany tamin'izy ireo Izy. "Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan'izy ireo aho." Eny, tompoko! Tsy azo tiavina, tsy ilaina, marary sy manana ilaina, noana; nanambara ny Tenany Izy. Eny.

163 Nieritreritra olona iray hafa noana aho. Indray andro, dia nisy lehilahy iray noana fo antsoina hoe Paoly, Saoly tamin'izany. Teny amin'ny làlany ho any Damaskosy, noana. Tsy fantany izay hatao. Te-hanao zavatra ho an'Andriamanitra izy. Namiratra nanodidina azy ny Hazavana iray, "Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?" Nanambara ny Tenany tamin'i Paoly noana fo Izy.

164 Tamin'ny vehivavy ratsy laza iray, tamin'i Barabasy iray voaheloka, nanambara ny Tenany Izy. Marina izany, tamin'ny lehilahy iray noana fo, tamin'ny vehivavy ratsy laza iray, tamin'ireo rehetra izay voaroaka ireo. Mieritreritra an'io vehivavy ratsy laza io aho. Vetivety fotsiny ho azy, mahareta miaraka amiko iray minitra fotsiny azafady.

165 Simona, ilay Fariseo ao amin'ny Baiboly, oh, tiany—izy dia te-hahafantatra an'io Fanomezana io, ihany koa. Saingy te-hahafantatra an'Izany ho an'ny sitrapony manokana tia tena izy, ireo antony manokana tia tena. Ilay Fariseo, noho izany dia inona no nataony? Nanao fety goavana iray izy. Nihevitra izy fa afaka manao lalao iray. Ny Baiboly, ny tantaran'ny Filazantsara,

no manome antsika an'izany. Jereo ilay izy iray minitra fotsiny ankehitriny, alohan'ny hamaranantsika. Teo dia hoy izy hoe, "Nila an'i Jesosy ho tonga izy." Satria, tsy mihevitra aho fa tia an'i Jesosy marina tokoa io Fariseo io, satria tsy nanana iraisana izy. Fariseo antitra iray henjana izy, ary izy—nankahala an'i Jesosy izy. Noho izany dia nihevitra izy fa hitondra Azy eo, ary hanao kivazivazy vitsivitsy Aminy, hahita raha mpaminany iray marina tokoa Izy, na tsia.

166 Noho izany dia naniraka izy ary nangataka Azy mba ho tonga. Tonga ilay iraka, ary nihazakazaka. Angamba vovoka, sy ny zavatra rehetra, no nandehanany tany. Ary nitsangana teo akaikin'ny. . .Angamba nanasitrana ny olona Jesosy, ary nanohy. Reraka Izy. Angamba i Petera no nilaza hoe, "Tsy afaka mahita Azy ianao androany."

167 Hoy izy hoe, "Fa, ramose, ny tompoko dia Raby Simona. Izy no pasiteran'ilay fiangonana goavana eto Jodia. Nahoana, ianao. . .Izy, nanasa ny Mpampianatrareo ho tonga izy, hahita azy. Oh, oh, oh, inona ny—ho anarana iray goavana toy ny inona izany ho Azy. Hitanao? Tokony hahita azy ianao."

168 "Eny," hoy izy, "hitondra anao aho, ka hahita an'izay Lazainy." Ary noho izany dia nanosika ny vahoaka izy. Ary efa hilentika ny masoandro. Jesosy, reraka sy sasatra. Ary indro tonga ity iraka kely ity. Ary izy, raha tokony ho. . .

169 Ao amin'ny Fanatrehan'i Kristy! Oh, nanontany aho mazàna hoe inona ny olana tamin'io iraka io. Inona no tsy nety taminy? Nijoro teo akaikin'i Jesosy, ary mbola nanana hafatra iray foana avy tamin'ilay Fariseo hoe, "Tian'ny tompoko ho avy Ianao, hijery azy. Mba Fantatrao moa? Manao fety iray izy eto. Tiany ho tonga Ianao, ho nasaina manan-kaja iray."

170 Oh, maniry aho ny ho afaka nitondra an'io hafatra io, ho tena akaiky Azy, ary ianareo? Tsy ho nieritreritra mikasika an'izay nolazain'io Fariseo io mihitsy aho. Ho niankohoka teo an-Tongony aho, nanao hoe, "O Tompo Jesosy, mamindrà fo amiko, mpanota iray." Mino aho fa ho nilaza an'izany aho, ary ianareo? Ahoana fa nitsangana teo akaikin'i Jesosy izy, kanefa nandà an'ilay fanararaotra hangataka famelàna ho an'ireo fahotany. Ary akaiky Azy! Tsia, nanana be loatra izy tao an-tsainy. Izy no mpanompo. Tsy maintsy nangataka ho an'ilay Fariseo izy.

171 Ary Jesosy, Jesosy mampalahelo, kanefa reraka sy sasatra, ary nahafantatra fa nohamavoiny sy nankahalainy Izy, nanatokatoka ny Lohany Izy hoe, "Ho any Aho." Rehefa milaza Izy hoe ho any Izy, dia ho any Izy. Aza manahy. Ho any Izy. Tsy misy na inona na inona hahasakana Azy.

172 Noho izany rehefa tonga tany izy ireo, tamin'io andro io, dia namono an'ireo zanak'ombiny matavy rehetra izy ireo, ary namoaka ny divainy vaovao rehetra sy ny zavatra rehetra. Ary ireo olona mahantra dia tsy navela ho tonga teo amin'izay nisy

azy ireo. Oh, rehefa nanendy an'io henan'omby io teo ivelany izy ireo, karazan-javatra, fofona iray toy ny inona! Mitsangana eo ivelany eo ireo olona mahantra, ary nirarakivy fotsiny ny vavan'izy ireo. Tsy afaka niditra izy ireo. Tsia, tompoko. Kanefa, natao ho an'ny olo-malaza fotsiny ihany io. Ary noho izany dia nitsangana teo ivelany. Ary nanana an'ireo voaloboka sy ny sisa izy ireo, ny rehetra tao amin'ilay—ilay tena fotoan'ny famoniana, na ny fahabetsahan'ny voaloboka. Ary io fofom-boaloboka tsara tarehy io, fantatrareo, rehefa mamy izy ireo, sy ny zavatra rehetra. Nanana an'ireo divainy vaovao sy ny zavatra rehetra izy.

173 Ary nanontany aho mazàna hoe ahoana no nidiran'i Jesosy tao nefa tsy voamarika. Fantatrareo, eny, rehefa manasa anareo ho tonga any an-tranony ny olona rehetra any Atsinanana, fantatrareo fa vahoaka malaza mahay mandray vahiny izy ireo. Ankehitriny, ny olona tamin'izany andro izany, rehefa nandeha izy ireo, dia nanao kapa. Ary rehefa nanao izy ireo, mandre mikasika ny fanasan-tongotra ianareo.

174 Izany no ataontsika eto, ho fahatsiarovana. Baiko iray izany.

175 Rehefa nangataka anareo ho tonga any an-tranony ny olona iray, dia ho zavatra tahaka an'izany ilay izy. Niarahaba anareo teo am-baravarana izy ireo. Ary avy eo izy ireo dia nanana an'izay nantsoin'izy ireo hoe, "ilay asa ambany indrindra," amin'ny olona rehetra. Ny sasany tamin'izy ireo dia nitarika an'ireo kalesy. Ny sasany tamin'izy ireo dia nahandro. Ary ny sasany tamin'izy ireo, sefo, fantatrareo. Ary ny sasany tamin'izy ireo, mpitondra kapoaka. Ary, fa ny lehilahy ambany karama indrindra amin'ny ao an-tokatrano rehetra, dia ilay mpiasa mpanasa tongotra. Mpiasa iray fotsiny izy.

176 Ary, eritrereto, ny Tompoko dia mpiasa mpanasa tongotra iray. Nefa avy eo isika dia mihevitra ho zavatra iray, mihevitra isika fa olona iray. Jereo Izy nanasa ny tongotr'ireo mpianatra, ireo mpanjono, ireo mpanjono maloto, ireo mpiandry ondry sy ny sisa, nanasa ny tongotr'izy ireo.

177 Ary, eto, io mpiasa mpanasa tongotra io. Rehefa tonga eo am-baravarana ianareo, izy ireo dia—hanasa ny tongotrareo izy ireo, satria miraikitra eo amin'ny tongotrareo ny vovoka sy ny sisa, ary—ary teo amin'izay nandehananareo, fantatrareo, teo amin'ireo làlana feno vovoka izay nisy an'ireo soavaly sy ny biby, fantatrareo. Ary lasa maimbo izany, manerana anareo rehetra. Ary avy eo ilay masoandro, fantatrareo, dia nanerana ny tendanareo rehetra. Ary io masoandron'i Palestina io, ireo taratra mivantana avy aminy, dia mahamay marina tokoa. Ary noho izany rehefa tonga teo am-baravarana izy ireo, dia avoakan'izy ireo ny tongony. Nanasa ny tongony izy ireo. Ary avy eo dia apetrany—apetrany ny kapan'izy ireo; dioviny izy ireo, ary ahantony. Ary apetrany eo amin'izy ireo ny kapa kely,

tahaka ny kely. . . anaovan'ny vehivavy amin'izao andro izao ho kapan'ny efitra fatoriana, fantatrareo, zavatra tahaka an'izany, mametraka azy ireo. Ary avy eo dia manasa ny tongotr'izy ireo.

Ary avy eo dia nanana lamba famaohana teo an-tsorony izy ireo. Ary avy eo inona no nataony, namafa ny vovoka tamin'ny tarehiny izy.

178 Ary maka menaka narda kely. Oh, karazan-javatra lafobe nampiasain'ny olona manan-karena izany. Ny Mpanjakavavin'ny Atsimo dia nitondra sasany tamin'izany ka nomeny an'i Solomona izany, vita tamin'ny paoma tany Atsinanana. Tahaka ny voninkazo iray, ilay voninkazom-paoma kely, ary azo avy eo izany. Tena lafobe.

179 Ary nalain'izy ireo io narda io, ka apetrak'izy ireo manerana ny tarehiny rehetra izany. Menaka tahaka an'izany, satria may ny tendan'izy ireo, sy ny sisa. Maka lamba famaohana iray ary mamafa an'izany rehetra izany, tahaka an'izany. Ary avy eo izy ireo dia—nangatsiatsiaka izy ireo.

180 Ankehitriny, izany no zavatra voalohany, ilay mpiasa mpanasa tongotra no naka azy ireo ary nanamboatra azy ireo tahaka an'izany. Mazava ho azy, tsy hahatsapa te-hiditra ao an-tranon'olona iray izy ireo, izay misy an'ireo karipetra goavana be vitan'ny Persiana, sy ny sisa, tahaka an'izany, mamofona toy ny hoe tany anaty tranon'omby iray izy ireo, ary—ary—ary ny masoandro sy ireo mitsovaka manerana ny tarehiny rehetra. Nangatsiatsiaka izy ireo.

181 Noho izany rehefa niditra izy ireo, dia nifampihaona. Ary rehefa nanao izy ireo, mba hiarahabana vahiny iray isan'andro, raha tongasoa ianareo, dia nandray ny tànan'izy ireo tahaka an'*izao* izy ireo, Rahalahy Ed. Raisiny ny tànan'izy ireo, tahaka an'*izao*. Ary avy eo dia apetrany ny. . . Mitsangàna, iray minitra fotsiny, haneho zavatra iray aminareo aho. Apetrany manodidina azy ireo ny sandrin'izy ireo. [Manao kisarisary Rahalahy Branham, ary mikapokapoka in-efatra an-dRahalahy Ed—Mpandika.] Tahaka an'*izao*, avy eo dia manova tànana. [Mikapokapoka in-efatra an-dRahalahy Ed indray Rahalahy Branham.] Ary tahaka an'izany no nanaovan'izy ireo azy.

182 Tongasoa iray izany. Avy eo dia rahalahy ianareo. Nahatsapa ho tsara ianareo. Voasasa ny tongotrareo. Ianareo—voahosotra tanteraka ianareo.

183 Ary avy eo ny zavatra manaraka nataony, dia nifanoroka teo amin'ny hatoka izy ireo. Ary izany no nanao azy ireo ho tongasoa. Io farany io ilay oroky ny tongasoa.

184 Tsaroanareo ve i Jodasy nanome an'io oroky ny tongasoa io an'i Jesosy? Hoy Izy, "Nahoana ianao no nanao an'izao, ry sakaiza?" Hitanareo? Fantany ny fony.

185 Noho izany dia nifanao tongasoa izy ireo. Tsy nahatsapa te-hiditra niaraka tamin'ny vovoka nanerana anareo rehetra ianareo, ary io maimbo ratsy nanerana ny tarehinareo sy tongotrareo io, sy ny sisa. Io akanjo tranainy mihantona io, no naka an'io vovoka io rehefa mandeha ianareo, rehefa nandeha ianareo. Tsy nahatsapa te-hanao an'izany izy ireo, hiditra. Fa rehefa nangatsiatsiaka tanteraka ianareo, ary nanatona izy avy eo, sy ny nasainareo. . . Nasaina manan-kaja iray ianareo, ary avy eo rehefa tonga izy ka niarahaba anareo, ary nanome anareo oroka iray teo amin'ny hatoka, nahoana, rahalahy iray ianareo amin'izay fotoana izay. "Midira. Mandehana manketsy amin'ny vata fampangatsiahana, maka mofo misy hena iray, na inona na inona." Ianareo dia—tongasoa ianareo amin'izay fotoana izay. Tongasoa hiditra ianareo.

186 Fa ahoana no mba nidiran'i Jesosy tao nefa tsy natao Taminy izany rehetra izany? Hitanareo? Nipetraka teo an-joron-trano Izy, naloto tongotra, tsy noarahabaina. Angamba, niresaka mikasika zavatra hafa ilay Fariseo, fantatrareo. Tsy nahamarika an'i Jesosy niditra mihitsy izy.

187 Izany no olana amin'ireo fiangonana amin'izao andro izao, betsaka loatra ireo fiangonan'ny Fariseontsika. Tonga ny Herin'Andriamanitra, nefa tsy mahamarika an'Izany izy ireo. Hitanareo? Vonona ny hanao zavatra Izy, saingy tsy natao tongasoa mihitsy Izy.

188 Ary teo izy, teo, angamba niteny vazivazy sasantsasany, ary nanana fotoana goavana niaraka tamin'i Pasitera Raby *Ranona-sy-ranona* ary Raby *Ranona-sy-ranona,* teo. Tsy nahamarika an'i Jesosy izy ireo.

189 Ary tsy maintsy nitsofoka tao Izy ka nipetraka tany ho any, teo amin'ny zoron-trano iray. Toa hitako Izy teo niaraka amin'ny Tongony maloto, ny hatony mitsovaka, tsy nisy oroky ny tongasoa. Oh, tsy manao anareo hahatsapa ho mahatsikaiky ve izany, Jesosy niaraka tamin'ny tongotra maloto? Izy ireo dia miantso Azy, any hoe, "Jesoa! Jesoa!" Hoy izy, "Jesoa miaraka amin'ny tongotra maloto, mipetraka eo amin'ny zoron-trano." O Andriamanitra, ahoana no mba hampety an'izany? Tsy nisy olona niraharaha Azy.

190 Fa mpivarotena kely iray, (oh, oadray) vehivavy ratsy laza iray, sendra nandalo izy, angamba izy—angamba izy dia. . . Tsy misy olona tao an-tanàna. Nankany amin'ity fety ity ny olona rehetra, ny olo-malaza rehetra, noho izany dia tsy nandeha ny asany. Noho izany, nahita izy. "Inona daholo ity rehetra eto ity, amin'ity, eto amin'ny tranon'ilay Fariseo, mikasika ny inona?" Noho izany dia nandeha teo izy, ary angamba mba hijery avy teo amin'ilay triatra an'ny fefy, nijery manodidina. "Oh, oadray!" Sendra nijery teo amin'ny zoron-trano izy. Hitany Izy nipetraka

teo, niaraka tamin'ny Lohany niondrika, tongotra maloto, tenda nitsovaka, tsy noarahabaina, tsy nisy olona niraharaha Azy.

191 Saingy voambara taminy izany. Oh, toa hitako izy mikosoka ny masony, ary manao hoe, "Izy ve io? Io ilay Lehilahy iray ihany izay namonjy vehivavy iray tahaka ahy mihitsy, indray mandeha, rehefa noroahan'io fiangonana io izy, ary hitora-bato azy ho faty. Ary hoy Izy hoe, 'Ravehivavy, aiza ireo mpiampanga anao?' Tsy maintsy Izy io." Hitanareo? Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ary voambara taminy fa Izy io.

192 Hoy izy hoe, "Saingy, jereo, tsy tongasoa Izy. Manana tongotra maloto Izy. Inona no azoko atao mikasika an'izany? Vehivavy iray aho, ary raha sendra miditra ao aho ka hilaza zavatra iray, nahoana, izy ireo dia—handroaka ahy avy eo amin'ireo tsivalan-kazo ireo izy ireo. Ankehitriny, izaho dia ve—vehivavy iray ratsy laza aho, ary Izy—ho Fantany fa ratsy laza aho. Ho Fantany fa vehivavy ratsy iray aho, noho izany dia inona no azoko atao mikasika an'izany?"

193 Toa hitako izy mihodina, mandehandeha, manao hoe, "Oh, tokony hanao zavatra aho. Tsy tongasoa Izy. Saingy misy Zavatra manambara amiko fa izany no fomba tokana hany hananako Fiainana." Eo ianareo izao. Oh, rahalahy. "Te hahita an'izay ao anatin'io Fonosana io aho. Fantatro fa misy Zavatra ao anatiny ao izay hamela ny fahotako. Na dia mpivarotena iray aza aho, na dia ratsy aza aho, dia te-hijery ny ao anatin'io Fonosana Krismasy io aho. Fantatro fa misy Zavatra ho ahy ao anatiny ao."

194 Misy Zavatra ho an'ny olona rehetra ao. Marina izany, ry sakaiza mpanota. Misy Zavatra ho an'ny mpiloka ao. Misy Zavatra ho an'ny mpandainga ao. Misy Zavatra ho an'ny olona tsirairay ao. Misy Zavatra ao anatin'io Fonosana Krismasy io, ho anareo. Aza ariana eny amin'ny ilany Izany. Endrey fa ilay Fariseo, ilay adala dondrona, dia naka an'ilay girilandy ary nanary an'ilay Fanomezana! Zavatra iray mampalahelo toy ny inona!

Indro tonga Izy. Mipetraka eo Izy.

195 Ary ity vehivavy kely mahantra ity, angamba mandeha any amin'ny trano izay ipetrahany izy, miakatra eo amin'ireo tohatra tranainy midridroka tany. Mampiditra ny tànany ao anaty bankiraro, na zavatra hafa ary maka vola vitsivitsy. Hoy izy hoe, "Oh, inona no azoko atao? Andraso iray minitra ankehitriny, tsaratsara kokoa ho ahy ny mamerina ity, satria ho Fantany fa izaho—vehivavy iray ratsy laza aho. Fa izany no fanantenako tokana, izany no zavatra tokana azoko atao. Tsy nasaina ho amin'io fety io aho, kanefa tsy maintsy manatona Azy aho."

196 Oh, maniry aho mba afaka hahita an'izany ny olona izao hariva izao. Manatona Azy, na levona. Inona no fahasamihafana ataon'izany, ianareo dia antsoina hoe "holy-roller," na voaroaka,

na fahasamihafana toy ny inona? Manatòna Azy. Manatòna Azy, izany no fanantenanareo tokana.

197 Nidina izy, naka an'io. Toa hitako ny anankiray, ireo lehilahy Jiosy teo ireo, nilaza fa ratsy ny asa, nipetraka teo, nanisa ny volany. Lasa nankany amin'ilay fety ny olona rehetra, sy ny zavatra rehetra. Niditra ity vehivavy ity. "Eny, inona no ataonao eto?" Nararany teo amin'ny latabatra fivarotana io denaria Romana io, teo amin'ny vola madinika telopolo teo. "Ah-ha! Inona no ilainao, ramatoa?" Hitanareo, izany no nanao an'ilay izy ho hafa. Hitany hoe inona izy; fa rehefa hitany fa nanana vola vitsivitsy izy, dia hafa izany. Hitanareo? Izany izao tontolo izao, amin'izao andro izao. Raha manam-bola ianareo, dia goavana be ianareo. Raha tsy manana ianareo, ianareo dia—tsinontsinona ianareo. "Oh, hafa izany. Inona no ilainao?"

198 "Izaho—mila ny tsara indrindra aho, ny narda tsara indrindra izay anananao. Ity ihany no ananako. Avelao aho hanisa azy, vola madinika telopolo. Nisy efapolo teo."

"Oh, eny, hahavidy an'ity tavoahangy ity izany, ilay tsara indrindra."

"Ilaiko io."

"Ny tianao lazaina ve dia hoe te-hividy diloilo ianao?"

"Ilaiko io. Io tavoahangy manontolo io no ilaiko." Izay ihany no nananany.

199 Izany no tokony hataonareo, rahalahy. Ny fahotana izay anananareo no vidin'izany. Ny zavatra rehetra no vidin'izany. Fa aoka ho vonona hanome an'ilay izy.

200 Noho izany dia nitsofoka teo amin'ilay fefy izy. Toa hitako izy mijery ny ao anatiny ao. Hitany Izy mipetraka eo, mbola tsy voakasika foana. Ary i pasitera Fariseo eo dia mbola miteny an'ireo vazivazy malotony foana sy ny sisa, eo miaraka amin'ny sisa amin'izy ireo, manao hadalana, miresaka mikasika zavatra iray goavana any ho any, tsy mahafantatra, tsy nahamarika ny—ny Tompontsika sarobidy. Hoy izy hoe, "Ahoana no ahafahako miditra?" Noho izany dia hitako izy ankehitriny mitsofoka tena mora, tonga eo amin'izay misy Azy tahaka an'izany. Ary niandrandra nankany Aminy izy. Toa hitako izy miaraka amin'ny ranomasony mikoriana eo amin'ny tarehiny, ary ny masony goavana volontany miandrandra mankany Aminy tahaka an'izao. Dia nahontsany ilay tavoahangy, navoakany ilay fanosorana, nararany teo amin'ny Tongony. Tsy hamela an'i Jesosy hipetraka miaraka amin'ny tongotra maloto izy.

Hoy ianareo hoe, "Na izaho koa aza."

201 Nahoana àry ianareo no tsy manao zavatra mikasika an'izany? Izy no manana ny anarana ratsy indrindra eto amin'ny firenena amin'izao andro izao, "holy-roller, mpivavaka fanatika." Nahoana ianareo no tsy manao zavatra mikasika

an'izany? Mitsangàna ka manaova hoe, "Handray ny làlana miaraka amin'ilay vitsin'ny Tompo nohamavoina aho. Vonona handray an'io Fonosana io aho."

202 Nararany teo amin'ny Tongony ilay diloilo. Nazava be tamin'izany ny efitra manontolo. Lafo be ilay izy.

203 Tsy misy na inona na inona tsara loatra ho an'i Jesosy. Atolory Azy ny tsara indrindranareo. Omeo Azy ny zavatra rehetra anananareo. Ny ainareo, ny fanahinareo, ny tenanareo, ny fotoanareo, izay rehetra anananareo, dia omeo Azy.

204 Ary sendra nijery izy. Nijoro nitsangana teo izy. Oh, oadray! Nararany io menaka io tamin'Ny—teo amin'ny Lohany. Avy eo dia notakariny ny Tongony, ary nanomboka. Oh! Izy—nalainy ny Tongony, ary nijery, naloto izy ireo. Tsy nanana na inona na inona izy. Noho izany izy—nieritreritra mikasika ny fahotany izy, ka hoy izy hoe, "Azo antoka, Izy, Izy dia—hanameloka ahy Izy." Noho izany rehefa napetrany teo amin'ny Hatony ny diloilo, ary nokosehiny izany, tamin'izay fotoana izay dia nandohalika izy ka nihazona ny Tongony.

205 Dia niankohoka izy. Nanomboka nitomany izy hoe, "Oh, tena mpanota aho, mitsangana eo anoloan'ity Lehilahy ity. Tena mpanota aho." Ary niandrandra izy, ary ny masony goavana, tsara tarehy. Nieritreritra izy hoe, "Izy—mety handroaka ahy hiala amin'ity efitrano ity Izy." Saingy, tsy nihetsika mihitsy Izy. Nipetraka fotsiny Izy ary nijery azy. Oh, tiako izany. Nipetraka fotsiny Izy ary nijery azy. "Oh, Fantany ny foko. Afaka mahatsapa Azy aho ankehitriny mamaky avy hatrany ny ao antsaiko. Fantany fa tsy tsara aho. Fantatro izany, Tompo, saingy tsy afaka hahatanty hahita Anao miaraka amin'ny tongotra maloto aho. Tsy afaka mahatanty an'izany fotsiny aho. Ianao no fanantenako tokana. Tsy afaka mahatanty an'izany aho." Rano tsara tarehy toy ny inona ho an'ny Tongony, oh, ranomason'ny fibebahana! Oh! Oh! Tsy afaka nanome na inona na inona tahaka an'izany ilay Fariseo antitra. Rano, ranomaso mikoriana amin'ny takolany.

206 Ary nanomboka nikosoka azy ireo izy, ary, "*oroka*, *oroka*," nanoroka ny Tongony. Oh, Io no Tompony! Manoroka ny Tongony. Izy tsy nanana—tsy nanana lamba famaohana izy hanamainana an'izany. Noho izany heveriko fa ny volony niolana, efa nakariny, teo an-tampon'ny lohany, dia tsy maintsy nilatsaka, nifanapaka. Nalainy ny volony, nanomboka na—namafa ny Tongony tamin'izany, *oroka*, ary manoroka ny Tongony. "Tompo, Fantatrao, *oroka*, Tompo, Fantatrao fa izaho—mpanota aho, izaho—halako ny eto Anoloanao tahaka an'izao, saingy tsy afaka hahatanty ny mahita Anao miaraka amin'ny tongotra maloto aho." Oh, oadray! Jesosy miaraka amin'ny tongotra maloto, tsy tongasoa, tsy nisy oroka iray teo amin'ny hatoka, nanoroka ny Tongony mihitsy aza izy. "Tompo! *Oroka*,

*oroka*, *oroka*, O Tompo! O Tompo, izaho—izaho dia—mpanota aho, *oroka*, *oroka*, Fantatrao hoe iza aho, Tompo."

207 Ary saiky tamin'io fotoana io, dia nitodika ilay Fariseo antitra. "Hah!" Hoy izy, "Jereo itsy etsy itsy. Jereo itsy etsy itsy. Izany no karazana namana izay manana an'Izay antsoina hoe ny Fanahy Masina." Hitanareo? Tsy niova izy ireo. "Jereo hoe inona Izany. Jereo hoe karazan'olona inona no Ikambany. Miresaka momba an'io Fanahy Masina io ianareo, sy ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, inona Izany? Ilay fakon'ny tanàna."

208 Azo antoka, tamin'izany no nanambarana Azy. Fantany izay tao anatin'io Fonosana io. Fantany ny fotoana tokana indrindra noho ny fotoana rehetra hany afaka ananany na aiza na aiza . . . Tsy afaka nandeha nankany amin'ilay Fariseo izy, ho nandroaka azy hiala tao am-piangonana izy; tsy eo amin'ny laharana ara-tsosialiny. Fa nisy Fikambanana iray ho an'ny mpanota. Tena faly aho ny amin'izany. Misy Toerana iray izay ahafahan'ny mpanota ahatongavana. Misy Balsama ao Gileada, hanao ny ratra manontolo ho sitrana. Hitany Izany. Te-hahafantatra an'io Fanomezana io izy, ka nanoroka ny Tongony.

209 Hoy ilay Fariseo antitra hoe, "Ah-ah! Avia eto, ry tovolahy. Hah! Ah! Io ny Mpaminaninareo. Hitanareo? Raha karazana Mpaminany iray Izy, dia ho Fantany hoe karazana vehivavy inona io manasa ny Tongony io. Jereo eo. Resaka mikasika ny fanatisma ve? Manala baraka ny tranoko izany."

210 Tsy nilaza teny iray mihitsy Jesosy, nitsangana fotsiny ary nijery an'ilay vehivavy. Noho izany afaka kelikely . . . Fantany hoe tsara toy ny inona no noeritreretin'ilay Fariseo, noho izany dia nitsangana Izy.

211 Io vehivavy io, toa hitako izy, "Oh! Oh, ity—ity no fotoako. Izy—Izy—Izy, Izy dia—hanameloka ahy Izy. Izy dia—Izy dia—handroaka ahy hiala amin'ity trano ity Izy." Hitako Izy mitsangana, toa tahaka an'*izao*. Mahatsapa tena tsara Izy ankehitriny; nandro tamin'ny ranomaso ny Tongony. O Andriamanitra, raiso ny ahy. Nandro tamin'ny ranomason'ny fibebahana ny Tongony, fo marina iray. Na dia ratsy fitondrantena aza, tahaka azy, dia ity fotoana tokana ity no hany nahatongavany teo amin'ny loharano iray izay nahafahany ho voasasa madio. Eo, mipetraka eo izy. Manatrika, toa hitako izy miaraka amin'ny ranomaso nikoriana nidina teo amin'ny tavany tahaka an'izany, ary voapentimpentina nanerana. Nilatsaka avokoa ny volony niolana, ary feno ranomaso sy loto avy teo amin'ny Tongony. Nijoro teo izy, nanontany hoe, "Inona no hitranga? Handroaka ahy izy. Hanao azy ireo hametraka ahy ao am-ponja izy nohon'ny nidirana teto."

212 Nitsangana Izy, tahaka an'*izao*. Hoy Izy hoe, "Simona, manana Teny iray holazaina aminao Aho. Nanasa Ahy ho ato an-tranonao ianao. Ary rehefa tonga Aho, dia tsy nanome

rano Ahy ho an'ny Tongotro mihitsy ianao. Ho nanasa ny Ahy Manokana Aho, saingy tsy nanome rano Ahy mihitsy ianao." O Andriamanitra! "Tsy nanome Ahy diloilo mihitsy ianao, hanosorana ny Hatoko, nefa may izany. Tsy nanao an'izany ianao, ry Simona. Tsy nanoroka Ahy koa ianao ka nanao Ahy ho tongasoa. Fa ity vehivavy ity, nanasa ny Tongotro tamin'ny ranomasony izy. Ary nanoroka ny Tongotro izy, ka tsy nitsahatra nanao an'izany hatramin'ny nidirany teto. Manana zavatra vitsivitsy hanoherana anao aho, ry Simona. Fa ny. . . " (Ilay Mpaminany ve, sa tsia?) "Lazaiko aminy, fa voavela ny fahotany be." O Andriamanitra!

213 Inona Izany? Hitany izay tao anatin'io Fonosana Fanomezana io. Hitany fa nisy fitiavana tao. Hitany fa nisy famelàna tao. Hitany Izany. Oh, toy ny ahoana no nahitany an'io Fanomezana sarobidy avy amin'Andriamanitra io niasa teo aminy! Ahoana fa tsy maintsy nanao azy hahatsapa izany rehefa hitany fa nivelatra nankany aminy ny Fanomezan'Andriamanitra! Voavela ny fahotany.

214 Ahoana no tsy maintsy ho tsapan'i Barabasy tamin'io andro io! Fantatrareo i Barabasy, ilay tantara. Barabasy dia ilay jiolahy izay tratra, ka napetraka tao anaty lavaka, ho faty ny ampitso maraina. Mpangalatra iray izy. Jiolahy iray izy. Mpamono olona iray izy. Mpanao heloka bevava iray izy. Ary nandritra ny alina dia nandeha nandroso-sy-niverina tao amin'io fonja io izy, nisintona ny volony, satria, ny ampitso maraina dia nandeha nankeo amin'ny hazo fijaliana iray izy, fanasaziana lehibe. Ho faty izy. Nofy ratsy toy ny ahoana no nandalo teo aminy tamin'io alina io! Toy ny ahoana no tsy nahafahany nitsahatra!

215 Ary ny ampitso maraina, tsy misy sakafo maraina na inona na inona, fantany fa hiboroaka tahaka ny eo anivon'ny amboadia ny ràny. Tampoka teo, mandre an'ireo rojo vy mikorintsana izy. [Manao fandehan'ny miaramila Rahalahy Branham—Mpand.] Figadogadon'ireo miaramila izany. Indro tonga ny efatra na dimy, ary angamba a—andiana miaramila Romana iray, lefona manjelanjelatra, nanatona teo. Nanodina ny fanalahidy ilay mpiandry tranomaizina goavana, ka nanao hoe, "Mivoaha, Barabasy."

"Oh, aza vonoina aho! Mamindrà fo!"

"Barabasy, tsy misy na inona na inona tsy mety. Afaka ianao."

"Inona aho?"

"Afaka ianao."

"Ahoana no nahalasa ahy ho afaka?"

216 Nanondro nankany amin'*ity* làlana ity ny olona iray. Inona no tsy maintsy dikan'izany ho an'i Barabasy, rehefa nahita an'ilay Fanomezana naka ny toerany tao amin'ny

fahafatesana izy. Tahaka an'izany koa no tsapako, ny Fanomezan'Andriamanitra no naka ny toerako tao amin'ny fahafatesana. Ahoana, ilay mpangalatra teo am-pahafatesana teo amin'ny hazo fijaliana, nifantsika teo:

> Ilay mpangalatra teo am-pahafatesana dia nifaly nahita
> An'io Loharano io tamin'ny androny;
> Eo aho no mety, na dia ratsy tahaka azy aza,
> Hanasa ny fahotako rehetra. (Eny.)
>
> Hatramin'ny nahitako an'io Ony io tamin'ny finoana, (voambara tamiko,)
> Nomen'ny Ratranao mikoriana,
> Fitiavana manavotra no efa lohahevitro,
> Ary ho izany mandra-pahafatiko. (Marina izany. Oh!)

217 Mamarana, mety hilaza an'ity aho. Androany, ny Krismasy dia midika hoe baoritra iray an'ny Camels, baoritra iray an'ny Viceroy, tavoahangy iray an'ny Four Roses na Seagram, nofonosina tao anatin'ny taratasy tsara iray an'i Santa Claus. Fa mbola mandà ny Fanomezana Krismasin'Andriamanitra foana izy ireo. Mbola mandà Ny Fanomezana Krismasiny foana izy ireo. Tsy ilain'izy ireo Izany.

218 Ilaiko Izany. Faly aho fa nandray an'Izany. O Imanoela, Andriamanitra tonga nofo ka nonina teo anivontsika, nolavina sy nomelohina, nanerana an'ireo taona rehetra, ary mihitatra mankany amin'ny fo tsirairay izay handray Azy ny Famindrampony androany.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny.

219 Manontany aho, izao hariva izao, ato amin'ity tranobe ity, amin'ity fotoan'ny Krismasy ity, ho fahatsiarovana ny saiky teo amin'ny roa arivo taona lasa teo izay, rehefa nanome ny Fanomezana Krismasy voalohany Andriamanitra. Manontany aho, izao hariva izao, raha te-hijery ny ao anatin'io Fonosana io ianareo ka hahita, ry mpanota, raha tsy misy Olona iray ao anatiny ao Izay tia anareo, Olona iray Izay maty ho anareo, Olona iray nanolotra ny Ainy ho anareo? Vonona ve ianareo, izao hariva izao, hanaisotra an'ilay lamban-jaza hiala Aminy, ilay lamba maloto izay iantsoan'izy ireo Azy hoe, "fanatika sy holy-roller," hamono ny tenanareo ao anatin'izany, ary handray ny làlana miaraka amin'ny vitsin'ny Tompo nohamavoina?

220 Raha ato amin'ny tranobe ianareo, izao hariva izao, te-hotsarovana ao amin'ny vavaka, dia hanangana ny tànanareo fotsiny ve ianareo, hanao hoe, "Amin'ity harivan'ny Krismasy ity, dia te-handray ny Fanomezana Krismasin'Andriamanitra aho, ny tena Fanomezana Krismasin'Andriamanitra"? Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, ry tovovavy. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy.

Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy an'ilay ramatoa tanora etsy. Hia. Mbola hisy sasany ve, te-hotsarovana ao amin'ny vavaka? "Tompo . . . " Andriamanitra hitahy anao, ry rahalahiko.

221 Olon-kafa iray, "Tompo, handray an'ilay làlana aho. Tsy hahita Anao hipetraka miaraka amin'ny tongotra maloto mihitsy, koa aho. Tsy ho tantiko mihitsy . . . Hikambana amin'izy ireo aho. Hiditra ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra avy hatrany aho. Izaho dia—ho isan'ireo izay nohamavoina aho. Mitoera amiko, Tompo. Avia, handeha hody miaraka amiko, izao hariva izao. Izaho hanasa ny loto rehetra avy amin'Ny Anaranao. Ianao hanasa ny fahotako, Tompo, avelao aho hiaina an'ilay Fiainana, fa tsy tahaka ny ataoko ankehitriny; mandoto ny Anao aho. Izaho—mandoto Anao aho, isan'andro, mametraka betsaka eo Aminao. Avelao aho handeha, izao hariva izao, Tompo, ary amin'ny ranomason'ny fibebahako, dia manatona am-panetre-tena eo am-pototry ny hazo fijaliana aho ankehitriny, mba handray Anao ho Mpamonjiko." Misy iray hafa ve alohan'ny hivavahantsika? Atsangano fotsiny ny tànanareo. Eny àry.

222 Tompo Sarobidy, mitondra ho Anao izahay, izao hariva izao, toy ny hoe tena vehivavy vitsivitsy ilay izy, izao hariva izao, Tompo, no nanangana ny tànany. Enga anie izy ireo ho afaka mijery ambany koa . . . Ny sasany amin'izy ireo dia zazavavy tanora, adolantsento iray fotsiny, izay nanangana ny tànany. Izy ireo, hentitra amin'izany izy ireo, Tompo. Izy ireo tsy—tsy te-ho voaheloka miaraka amin'izao tontolo izao izy ireo. Te-handray Anao izy ireo ankehitriny, amin'ity fotoan'ny Krismasy ity, mba hijery ao anatin'ny Fonosan'Andriamanitra, ka handray Fiainana Mandrakizay. Ekeo izany, Tompo, izao ankehitriny izao, mba Hanokafanao ho azy ireo ny famelàna ny fahotany, mba Hanokafanao Loharano iray ho azy ireo ao an-tranon'i Davida, izay misokatra ho an'ny fahotana sy ny tsi-fahadiovana, izay itsobohan'ireo mpanota ao ambanin'ilay riaka, ka very ny pentimpentin'ny fahamelohany rehetra. Ekeo izany, Tompo. Mandehana mody miaraka amin'izy ireo, ary mitoera amin'izy ireo, izao hariva izao, Tompo. Manaova fiainana, ho azy ireo, izay tokony ho izy, Tompo. Ekeo izany.

223 Sitrano ny marary sy ny ory eo anivonay. Ianao no Mpanampy ny tsy afa-manoatra. Ianao no Izy, Tompo, Izay afaka manao eo amin'izay tsy ahafahan'ny hafa manao. Ianao no Fahasoavana maharitra. Ianao no Fanomezan'Andriamanitra. Ary mino Anao am-panetre-tena izahay, Tompo. Manaraka ny Kintan'ny Andro izahay, manaraka ny Hazavana izahay mandra-Pitarihany anay mankany amin'ilay Hazavana tanteraka, ilay Fanomezan'Andriamanitra, Fiainana Mandrakizay, amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy. Ekeo izany, Tompo. Apetrako Aminao izy ireo ankehitriny. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, raiso ny fanahin'izy ireo izao hariva

izao, ary sasao amin'ny Rà jakin'i Kalvary izany. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

Tompo, mitoera amiko.
[Misamonomonona ny *Mitoera Amiko* Rahalahy Branham—Mpand.] . . . diso amin'ny fampiononana ahy;
Ao amin'ny fiainana, ao amin'ny fahafatesana, O Tompo, mitoera amiko.

224 Tia Azy amin'ny fonareo rehetra ve ianareo? Indray mandeha indray, nohon'ny amin'ireo an'ny andro fahiny, "Tiako Izy, tiako Izy satria nitia ahy mialoha Izy." Ny olon-drehetra ankehitriny.

Tiako Izy
Satria Izy . . .

Ndao isika hanangana ny tànantsika Aminy.

Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

225 Ankehitriny, tiako ianareo handray tànana amin'olona eo aloha, sy aoriana, ary eo amin'ny ilanareo, ankehitriny.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny an'i Kalvary . . .

226 Izay rehetra nandray ny Fanomezana Krismasin'Andriamanitra, atsangano ny tànanareo ankehitriny.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

227 Tsy tia Azy ve ianareo? Tsy mahafinaritra ve Izy? Eny àry, raha mbola mitsangana isika ankehitriny:

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy ny fahoriana;
Hanome fifaliana sy fiononana ho anao Izany,
Raiso Izany na aiza na aiza alehanao.

Anarana sarobidy, O tena mamy! (O tena mamy!)
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, (Anarana sarobidy!) O tena mamy!
Fanantenana eto an-tany sy fifalian'ny Lanitra.

Moramora ankehitriny:

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ho Ampinga amin'ny fandrika rehetra;
Rehefa ireo fakam-panahy . . . (Inona no ataonareo rehefa miangona ireo fakam-panahy?) . . . miangona,

Bitsiho am-bavaka fotsiny io Anarana Masina io.

Anarana sarobidy, (Anarana sarobidy!) O tena mamy! (O tena mamy!)
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, (Anarana sarobidy!) O tena mamy!
Fanantenana eto an-tany sy fifalian'ny Lanitra.

Amin'ny Anaran'i Jesosy . . .

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny ka hihira.

. . . iondrehana,
Miankohoka eo an-Tongony,
Mpanjakan'ny mpanjaka any An-danitra . . .

Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy.

60-1225 Fanomezana Nofonosin'Andriamanitra
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org